# *Ny Banga Eo Anelanelan'Ireo Taona Fiton'Ny Fiangonana Sy Ireo Tombokase Fito*

Manao ahoana, ry sakaiza. Izao dia—dia tombontsoa iray lehibe ny tafaverina ato an-tranon'ny Tompo, izao hariva izao, ao amin'ny fotoana, ary mbola mivelona amin'ny—ny mana nanomboka aninkeo maraina, ka tena voatahy betsaka tokoa ny fanahintsika nohon'Ny Fanatrehany lehibe. Ary ankehitriny, izao hariva izao, isika dia manana ny . . . manomboka eo amin'ny lohahevitra hoe: *Ny Banga Eo Anelanelan'Ireo Taona Fiton'Ny Fiangonana Sy Ireo Tombokase Fito*.

2 Ary vao avy niresaka aho, tamin'ity tolakandro ity, tamin'ny sakaiza iray. Ary angamba, raha sitraky ny Tompo, indray andro amin'ity fahavaratra ity, raha tsy maka ahy ho any an-Trano Izy, na—na, raha tafaverina aho, ka tsy mandeha any am-pitan-dranomasina na zavatra iray, dia tiako ny hikasika indray an'ireo Trompetra fito farany, hitanareo. Ary mifandray miaraka izany rehetra izany. Ary—ary avy eo dia misy an'ireo Loza fito farany ao anatin'io. Ary mifangaro miaraka mihitsy izany rehetra izany, araka ny ho hitantsika raha mandeha hatrany isika.

3 Noho izany, izao hariva izao, raha mbola somary milamindamina isika . . . Mety ho lava kely fotsiny aho izao hariva izao. Miaraka mihitsy aza . . . Vantany vao tafaverina eto aho, ankehitriny . . . Ny toriteny rehetra izay nataoko tany Phoenix, dia tsy farim-peo mihitsy aho na indray mandeha aza, hitanareo. Marina izany. Ary, oh, oadray, mafy toy ny ahoana no nitoriako teny! Ary nandritry ny, mino aho, fa fotoana fito amby roapolo ilay izy, tsy farim-peo mihitsy. Fa ilay izy dia ilay toetr'andro eto, hitanareo. Izao fotsiny ihany, ratsy fotsiny ilay izy eto, lohasaha iray fotsiny. Toerana ratsy iray fotsiny ny eto, ary, ny amin'ny fahasalamana, fantatrareo, izay tiako lazaina, ilay izy dia—ilay izy dia—ratsy ilay izy. Ary ny mpitory teny rehetra dia manana ny . . . izay miresaka, dia manana tenda ratsy, eo am-panombohana.

4 Ny—dokotera sakaizako iray no nijery ny tao anatin'ny tendako, indray mandeha, mba hahita an'izay tsy nety. Hoy

izy, "Tsy misy na inona na inona." Hoy izy, "Manana kitro fotsiny ianao eo amin'ireo tadim-peonao ireo." Hoy izy, "Avy amin'ny fitorian-teny izany." Eny, izaho—izaho—somary tahaka an'izany aho, fantatrareo. Nanao ahy hahatsapa tsaratsara kokoa izany, raha mbola afaka ampiharina amin'ny fitorian-teny foana, hitanareo. Ho mety tsara izany, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

5 Ankehitriny, izahay dia mety tsy afaka hitondra eo amin'ny vatanay ny marik'i Je- . . . i Jesosy Kristy, tahaka an'i Paoly, rehefa avy nokapohina. Fa mety mitondra ny marikay avy amin'ny fitorian-teny izahay ka manome ny feonay manohitra an'ireo zavatra izay ratsy. Noho izany, dia mankasitraka izahay fa tsy mila ho kapohina intsony, indrindra hatramin'izao fotoana izao. Noho izany izahay—izahay dia . . .

6 Firy ato no efa namaky ny *Amin'Ny Firy Izao, Tompokolahy?* Na, efa nandre an'izany, fantatrareo, *Amin'Ny Firy Izao, Tompokolahy?* Tena nanelingelina kely ahy izany. Raha tsy nandre ianareo, dia maniry aho, amin'ny fomba iray, raha afaka hihaino azy ianareo, na amin'ny fomba iray. Somary nanelingelina ahy. Te-hanatsofoka an'ity fotsiny aho alohan'ny hanombohana ny fotoana. Teo—teo amin'ny herinandro na folo andro lasa izay, dia tena nikorontana aho. Izaho fotsiny . . . Izaho—izaho—izaho fotsiny tsy, tsy te-handray an'ireo fivoriana aho na inona, satria izaho—tsy fantatro ilay izy. Ilay izy dia toy ny hoe mety ho zavatra iray izay ratsy, ary tsy fantatro marina hoe inona ilay izy. Noho izany aho . . .

7 Indray maraina aloha be, nifoha aho, mba handeha ho any amin'ny Sabino Canyon. Izay, avy any an-trano, dia eo amin'ny familiana fiara telopolo minitra fotsiny hatrany amin'ny . . . na efapolo, hatrany amin'ny tendron'ny Sabino Canyon, avy eo dia misy làlana iray izay mirefy telopolo maily miakatra mankany amin'ilay tendrombohitra.

8 Faritra hafahafa, any ambony any. Afaka ny ho eto aho ao amin'ny tany efitra, izay valopolo sy sivifolo, izao ankehitriny izao, ary afaka telopolo minitra dia ao anatin'ny oram-panala valo dian-tongotra, hitanareo, eny an-tampon'ilay tendrombohitra. Tany Phoenix izahay, vao haingana, izay roapolo mahery, valo amby roapolo degre. Nafanain'izy ireo ilay dobo filomanosana, dia nilomano ny olona. Ary teo amin'ny familiana fiara efapolo minitra avy teo, dia efapolo ambanin'ny aotra, tany Flagstaff. Hitanareo? Izany ilay fahasamihafana eo amin'ireo tsio-drivotra miakatra sy ilay tany efitra. Ary tena mahasalama mihitsy ho an'ireo tratry ny sohika, sy ny sisa.

9 Fa, ankehitriny, niakatra tany amin'ilay havoana aho, ary nihanika làlana avo arak'izay azoko nandehanana. Ary izaho—izaho—nanontany ny Tompo aho, raha mbola nipetraka tany

ambony tany, hoe inona no dikan'io rehetra io, sy ny sisa. Somary voaelingelina kely aho, ka tsy fantatro fotsiny izay hatao.

10 Ary noho izany raha mbola nivavaka aho; dia nisy zavatra hafahafa nitranga. Izaho—izaho—te-hahitsy fo aho. Ankehitriny, mety ho resin-tory aho. Mety ho toy ny fahatahotahorana iray ilay izy, na mety ho fa—fa—fahitana iray ilay izy. Izaho dia mirona kokoa mba hino fa fahitana iray izany. Fa, navoakako ny tànako, nanao hoe, "Tompo, inona no dikan'io fipoahana io? Ary inona no ataon'ireo Anjely fito ireo ao anatin'ny andian-kintana iray an'ny—an'ilay pyramida, izay nanainga ahy niala tamin'ny tany ary nitodika nankany atsinanana, inona no dikan'izany?"

11 Nitsangana teo aho, tao amin'ny vavaka, ary nisy zavatra nitranga. Ary, ankehitriny, nisy zavatra nilatsaka teo antànako. Ary fantatro, raha tsy mahazo an'ireo zavatra arapanahy ianareo, fa mety toy ny tena hafahafa izany. Saingy nisy zavatra tonga teo amin'ny tànako. Ary, rehefa nijery aho, dia sabatra iray ilay izy. Ary ilay tahony dia vita tamin'ny perla, ny perla tsara tarehy indrindra izay hany hitako. Ary ilay—ilay fiarovan-tànana, fantatrareo, izay . . . Ataoko fa mba hiarovana ny tànanareo tsy ho voadidy ilay izy, fantatrareo, raha ianareo no . . . ny—nanao adin'olon-droa ny olona; dia volamena. Ary tsy dia lava loatra ny lelan'ilay sabatra, saingy hareza maranitra fotsiny izy; ary volafotsy manjelatra izy. Ary izany no zavatra tsara tarehy indrindra izay hany hitako. Antonona marina tokoa ny tànako ilay izy. Ary nohazoniko izany. Hoy aho hoe, "Tsy tsara tarehy ve ity!" Nojereko izy. Dia nieritreritra aho hoe, "Saingy, fantatrao, fa natahotra sabatra iray foana aho." Somary faly aho fa tsy niaina tamin'ireo andro izay nampiasain'izy ireo an'izy ireny, satria aho—matahotra antsy iray aho. Ary noho izany aho—nieritreritra aho hoe, "Inona no hataoko amin'ity?"

12 Ary raha mbola nihazona aho, teo an-tànako, dia nisy Feo iray avy tany ho any nanao hoe, "Io no sabatr'ilay Mpanjaka." Ary avy eo dia niala tamiko izany.

13 Eny, izaho—nanontany aho hoe inona no dikan'izany, "'Io no sabatr'ilay Mpanjaka.'" Dia nieritreritra aho hoe, "Raha nilaza Izany hoe, 'sabatry ny mpanjaka iray,' dia mety ho azoko ilay izy. Saingy hoy Izy hoe, 'sabatr'*ilay* Mpanjaka.'" Noho izany dia mety tsy azoko tsara ilay izy, saingy nieritreritra aho hoe, "Anankiray ihany no misy, *ilay* Mpanjaka, izany dia Andriamanitra. Ary ny Sabany dia *Ity,* 'Maranitra noho ny sabatra roa lela,' hitanareo. 'Ary raha mitoetra ato Amiko ianareo, ary Ny Teniko . . .'" Hitanareo? Ary izaho—nieritreritra aho . . .

14 Amin'ny adin'olon-droa, hitanareo, ary araka ny fahazo- . . . Tsy mahazo teny iray ny amin'izany aho, fa, na fitsipika iray an'ny adin'olon-droa. Fa, ny tsara indrindra amin'ny fahazoako, dia mifampikapoka ilay antsy. Ary avy eo, farany, ireo—ireo

sabatra, raha mampitohaka izy ireo, ianareo sy ilay fahavalo no mampitohaka ny sabatrareo, tahaka an'*izao*, amin'izay fotoana izay dia mila ny tanjak'ilay lehilahy manao adin'olon-droa izany. Satria, hitanareo, hitodika hankeo amin'ny foko ny sabany, ary ny ahy eo amin'ny azy, saingy mifampitohaka izy ireo, arakaraky ny ifampikapohan'ny antsinay. Ary amin'izay fotoana izay dia mifampikapoka izy ireo, ary avy eo dia lasa miaraka ireo sabatra. Ary ilay anankiray izay afaka mandavo an'ilay iray hafa, dia mahitsy eo amin'ny fo ilay sabatra. Noho izany ilay izy dia mila . . .

15 Na dia ny Teny izay sabatra aza, dia mila ny tànan'ny finoana matanjaka izany hihazona Azy eo, hitondra Azy mankeo amin'ny fon'ilay fahavalo. Ankehitriny, tsy mahafantatra an'ireo zavatra ireo, saingy fotsiny . . . Izay rehetra noraisiko avy Taminy, izay azoko tenenina, no noteneniko taminareo. Noho izany, fa, fantatrareo, mino aho fa izany dia . . . Tsy ny Tompontsika ve no nilaza, fa izay rehetra Noraisiny avy tamin'ny Ray, dia Noteneniny, ary tsy nanafina na inona na inona? Ary—ary noho izany dia tiantsika ny hanao an'ireo zavatra ireo arakaraky ny ahatongavany fotsiny. Ankehitriny, raha ho tena hendry ianareo, ka hivavaka, dia azoko antoka fa hahazo zavatra iray ianareo tsy ho ela mihitsy, ankehitriny, zavatra iray izay antenaiko fa ho voambara.

16 Ankehitriny, ao amin'ity Boky ity, ndao isika hamadika ankehitriny ao amin'ny—ny toko faha-5-n'ny Boky izay antsoina hoe Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy.

17 Ankehitriny, rahampitso hariva dia ny Tombokase Voalohany. Fa, ireo Tombokase efatra voalohany dia misokatra, amin'ny alàlan'ny mpitaingi-tsoavaly efatra, anankiray eo amin'ny Tombokase tsirairay izay mamely ny tany. Ary noho izany, angamba, tsy ho lava izy ireo, hany ka aorian'ny andalovantsika hatramin'ny . . . Alatsinainy, Talata, Alarobia, hatramin'ny Alakamisy. Avy eo, heveriko, fa eo amin'ny Fahenina . . . sy Fahadimy, Fahenina, sy ny Tombokase Fahafito, no mety ho tena lava. Noho izany, angamba hanome anareo fotoana kely hahazoana fialan-tsasatra kely iray izany.

18 Mikasa ny hanomboka an'ireo fotoana isika, mino aho, amin'ny fito, amin'ireo harivan'ny herinandro. Ary tsy maintsy ho eto amin'ny lampihazo aho amin'ny fito sy sasany, marina tokoa. Ary amin'izay fotoana izay dia mety hamela antsika hivoaka eo amin'ny misasak'alina izany. Noho izany—noho izany, izaho—nihoatra adiny iray aho, aninkeo maraina. Tsy fanahy iniako ny nanao an'izany, izaho fotsiny . . . Tsy fantatro hoe rahoviana.

19 Satria, tsy fantatro hoe inona ilay mpitaingina voalohany. Tsy fantatro ny Tombokase Faharoa, Fahatelo, Fahefatra, Fahadimy, Fahenina, na ny Fahafito. Izaho, hatramin'ity fotoana

ity, dia tsy mahafantatra aho. Hitanareo? Miankina Aminy fotsiny aho. Koa izany no antony, iezahako amin'ity herinandro ity, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra mba hanampy, mino fa, raha mahazo lalina tokoa ianareo . . .

20 Fantatrareo, ao amin'ireo fahitana, dia tsy afaka manambara zavatra ianareo raha tsy avela hanambara. Impiry ianareo rehetra no efa nandre ahy nilaza hoe, "Mandehana mankao amin'ny trano iray, angamba hisy satroka iray hipetraka *eto*. Ary io ankizy iray io, na ny sisa, dia tsy ho sitrana raha tsy mipetraka *eto* io." Tsy afaka miteny amin'izy ireo aho, na koa afaka mamindra azy eo. Izany dia tsy maintsy misy, mifindra, amin'ny fomba hafa iray. Olon-kafa iray no tsy maintsy maka azy ary mamindra azy. Ary, ny zavatra rehetra ao amin'ny lamina, amin'izay fotoana izay vao mety voambara ilay izy.

21 Noho izany dia aoka ho ao amin'ny vavaka ankehitriny. Ankehitriny, alohan'ny hanatonantsika an'ilay Boky mihitsy, dia ndao isika hiresaka Aminy, miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

22 Tompo Jesosy, tsy ampy tanteraka izahay. Tsy hanandrana izahay, tsy akory, ny hanatona an'ity Boky masina ity, ao amin'ity ora masina indrindra izay ihantonan'ireo fanahy ao amin'ny fitodian'ny fotoana ity, raha tsy mangataka, Tompo, fa, ilay Anankiray tokana izay afaka manambara an'ity Boky ity, mba handroso Izy ankehitriny, hitahy an'ireo ezaka malemy an'ny Mpanomponao. Tahio ny Teny raha mandroso Izy. Enga anie Izy handeha ao amin'ny herin'ny Fanahy. Ary enga anie ilay tany ara-panahin'ny . . . ireo izay noana sy mangetaheta ny hahafantatra ny fahamarinana sy ny hahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra, enga anie Izy hilatsaka ao ka hamokatra ny Karazany. Ekeo izany, Tompo. Ny dera rehetra anie ho Anao. Enga anie ny noana sy mangetaheta hahita sakafo sy rano, izao hariva izao, avy amin'ny Teny. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, Izay ihavian'ny fanambarana. Amena.

23 Ankehitriny, hamadika ao amin'ny toko faha-5 isika ankehitriny. Ankehitriny, tsy ireo Tombokase Fito ity. Ity dia ny banga eo anelanelan'ireo taom-piangonana sy ireo Tombokase Fito. Ankehitriny, misy ihany koa ny toko faha-6 iray an'ny . . .

24 Ary nisy ny toko faha-4 iray, raha ny marina, an'ny Apokalypsy, ary, ao amin'izany, dia somary nanambara zavatra iray izay hiseho aorian'ny nampakarana ny Fiangonana izany. Fa, ny Fiangonana dia miakatra ao amin'ny toko faha-3-n'ny Apokalypsy, ary tsy miverina raha tsy ao amin'ny toko faha19-n'ny Apokalypsy. Hitanareo? Noho izany, ny Fiangonana dia tsy mandalo amin'ny Fahoriambe. Fantatro fa izany dia mifanohitra amin'ny—saiky ny mpitory teny rehetra izay hany niresahako. Fa izaho—izaho—tsy te-ho ratsy aho. Izaho—te-ho rahalahinareo

aho, saingy izaho—tsy maintsy mampianatra fotsiny arak'izay azoko ahitana Azy aho. Raha tsy izany, dia tsy afaka mametraka Azy miaraka aho, hitanareo. Ary ankehitriny, na miakatra alohan'ny Fahoriambe Izy na aorian'ny Fahoriambe, dia tehandeha hiaraka Aminy aho. Izany no zava-dehibe.

25 Noho izany, ireo zavatra izay isika—izay tombatombanantsika fotsiny ireo, satria, tsy manana fianarana, dia manao tandindona aho. Mijery aho ary mahita an'izay misy, na izay efa nisy tao amin'ny Testamenta Taloha, izay tandindona iray na aloka iray an'ny Vaovao, avy eo dia manana hevitra iray aho hoe inona ilay Vaovao. Hitanareo? Ohatra raha. . . Niditra tao anatin'ny sambofiara i Noa talohan'ny niandohan'ilay fahoriambe, tandindona iray; fa talohan'i Noa mihitsy aza, hitanareo, izay niditra tao amin'ny sambofiara, dia niakatra i Enoka, hitanareo, talohan'ny nitrangan'ny zavatra iray. Ary nantsoina hivoaka avy tao Sodoma i Lota talohan'ny niandohan'ny pentina iray an'ny fahoriambe, an'ny fandravàna; fa i Abrahama dia, tamin'ny fotoana rehetra, tany ivelan'izany. Hitanareo, ireo tandindona.

26 Fa ankehitriny dia hamaky ny andininy faha-1 isika. Hamaky ny andininy roa na telo voalohan'Izany aho.

> *Ary hitako teo an-tànana ankavanan'ilay nipetraka teo* ambonin'ny *seza fiandrianana ny boky iray voasoratra tao anatiny sy teo ivohony, voaisy tombokase tamin'ny tombokase fito.*
>
> *Ary hitako ny anjely mahery iray niantso tamin'ny feo mafy hoe, Iza no mendrika hanokatra ny boky, sy hamaha an'ireo tombokaseny?*
>
> *Ary tsy nisy olona tany an-danitra, na tety an-tany, na tany ambany—na tany ambanin'ny tany, izay nahay nanokatra ny boky, na hijery* teo Aminy. (Boky iray toy ny inona!)
>
> *Ary nitomany mafy aho, satria tsy nisy olona hita mendrika hanokatra sy hamaky ny boky, na hijery teo aminy.*

27 Ankehitriny, miresaka ny amin'ny tsi-fahamendrehana ve ianareo? "Tsy mendrika akory aza ny hijery Azy; tsy nisy olona, na taiza na taiza."

> *Ary ny anankiray tamin'ireo loholona* nanao *tamiko hoe, Aza mitomany: indro, ny Liona avy amin'ny fokon'i Joda, ny Solofon'i Davida, no efa nandresy mba hanokatra ny boky, sy hamaha an'ireo tombokaseny fito.*
>
> *Ary nandinika aho, ka, indro, teo afovoan'ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina efatra,. . . teo afovoan'ireo loholona, nisy Zanak'ondry iray nitsangana tahaka ny efa voavono, nanana tandroka*

*fito sy maso fito, dia ireo Fanahy fiton'Andriamanitra nirahina hankany amin'ny tany rehetra.*

*Ary tonga izy ka nandray ny boky avy teo antànana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana.*

28 Hihato eo vetivety isika, avy amin'ny famakiana ny Apokalypsy 5, hatramin'ny andininy faha-7 tafiditra.

29 Ity Bokin'ny Tombokase Fito ity dia voambara tamin'ny fotoan'ireo Kotrokorana Fiton'ny Apokalypsy 10, ankehitriny, raha mandray naoty an'izany ianareo. Ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy 10, vetivety fotsiny, mba hanananareo fahazoana iray alohan'ny hidirantsika amin'izany. Ankehitriny, ity dia amin'ny andro farany. Satria, henoy:

*. . .nahita anjely mahery hafa iray aho nidina avy tany an-danitra, nitafy rahona: ary avana iray . . . teo ambonin'ny lohany, . . .*

30 Raha mahamarika ianareo, dia Kristy izany, hitanareo. Satria, Izy, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nantsoina hoe ny Anjelin'ny Fanekena. Ary tonga mivantana eo amin'ireo Jiosy Izy ankehitriny, satria nifarana ny Fiangonana. Hitanareo? Eny àry.

*. . .ary ny tavany . . . dia tahaka ny masoandro, ary ny tongony tahaka ny andry afo:*

31 Tsaroanareo ve ilay Anjely ao amin'ny Apokalypsy 1? Zavatra iray ihany. *Anjely* dia ny "iraka." Ary Izy no Iraka ho an'ny Isiraely. Hitanareo? Efa nakarina ny Fiangonana, hitanareo, ankehitriny, na vonona ny hakarina. Tonga ho an'Ny Fiangonany Izy. Diniho ankehitriny.

*Ary nanana boky kely iray nisokatra izy teny antànany: . . .*

32 Ankehitriny, *eto*, nihidy Izy teto ary voaisy tombokase; fa *eto* dia misokatra Izy. Efa nosokafana Izy. Hatramin'io fotoan'ny fanisiana tombokase io, izay hidirantsika izao hariva izao, ankehitriny dia misokatra ilay Boky. "Boky kely iray teny an-Tànany, teny amin'Ny . . . Nisokatra Izy. Oh, ahoana fa ny masoandro, tahaka ny andry . . . " Andraso iray minitra fotsiny. Mamelà ahy hanomboka hiverina eto ka hamaky.

*Ary nanana boky kely iray nisokatra izy teny antànany: ary nametraka ny tongony havanana teo ambonin'ny ranomasina, ary ny tongony havia teo* ambonin'*ny tany,*

*Ary niantso tamin'ny feo mafy* izy, *tahaka ny liona iray* mierona: . . .

33 Fantatsika fa Izy no Liona avy amin'ny fokon'i Joda. *Eto* dia Zanak'ondry Izy; fa *eto* dia Liona Izy. Hitanareo?

> *. . . ary rehefa niantso izy, dia namoaka ny feony ireo kotrokorana fito.*

34 Ankehitriny, dia nirahina hanoratra izay hitany i Jaona, noho izany ilay apostoly, sy mpaminany, dia nandray ny peniny mba hanoratra an'Izany.

> *Ary rehefa namoaka ny feony ireo kotrokorana fito, dia saika hanoratra aho: fa nandre feo iray avy tany an-danitra aho nanao tamiko hoe, Asio tombokase ireo zavatra izay notononin'ireo kotrokorana fito, fa aza soratana izy ireo.*

35 Ankehitriny, izany no tsy fantatsika. Tsy maintsy mbola ho voambara izany. Tsy ao anatin'ny Soratra Masina izany, izay lazain'ireo Kotrokorana ireo.

> *Ary ilay anjely izay hitako dia nitsangana teo ambonin'ny ranomasina sy teo ambonin'ny tany nanangana ny* tànany *ho amin'ny lanitra,* (henoy ankehitriny)

> *Ary nianiana tamin'izay velona mandrakizay mandrakizay, izay namorona* ny lanitra, *sy ireo zavatra ao aminy, sy ny tany, sy ireo zavatra . . . ao aminy, ary . . . tsy hisy andro intsony:*

36 Diniho! Ity no andininy iray izay tiako ahatongavana.

> *Fa amin'ny andron'ny feon'ny anjely fahafito, rehefa hanomboka hitsoka izy, dia ho tanteraka ny zava-miafin'Andriamanitra, araka ny* efa *nambarany tamin'ireo mpaminany mpanompony.*

37 Ankehitriny, hitanareo, ny zava-miafin'ity Bokin'ny Tombokase Fito ity dia ho voambara amin'ny fitsofana ny Hafatr'ilay anjely fahafiton'ny fiangonana. Hitanareo? "Manomboka mitsoka ilay anjely fahafito," ary misy ireo Hafatra voasoratra eo, ary manana Azy ao amin'ny endrika horonam-peo sy boky isika. Ankehitriny, "Amin'ny fiandohan'ny fitsofana ny Hafatra, dia ho tanteraka ny zava-miafin'Andriamanitra, hitanareo, amin'io fotoana io." Ankehitriny dia hanamarika isika. Ilay Boky, an'ny zava-miafin'Andriamanitra, dia tsy voambara raha tsy efa voatsoka ny Hafatr'ilay anjely fahafito.

38 Ankehitriny, ho zava-dehibe ireo toerana ireo ao amin'ireo Tombokase, azoko antoka, satria Izany dia tsy maintsy, ny kely tsirairay, mifatotra miaraka.

39 Ankehitriny, mifono zava-miafina no nanoratana Azy, satria tsy misy olona, na aiza na aiza, mahafantatra Azy. Andriamanitra irery, Jesosy Kristy, hitanareo. Ankehitriny, fa dia . . . Izy dia Boky iray, Boky iray mifono zava-miafina. Izany no Bokin'ny Fanavotana. Hiditra ao amin'izany isika, afaka kelikely. Ary ankehitriny dia fantatsika fa ity Bokin'ny

Fanavotana ity dia tsy ho azo tsara mihitsy; nofotopotorina Izy, nandritr'ireo taonan'ny fiangonana enina. Fa amin'ny farany, rehefa manomboka mitsoka ny zava-miafiny ilay anjely fahafito, dia mamarana an'ireo nihantona rehetra izay nofotopotorin'ireo olona ireo izy. Ary midina avy amin'Andriamanitra ireo zava-miafina, amin'ny maha-Tenin'Andriamanitra, ka manambara ny fanambaran'Andriamanitra manontolo, amin'izay fotoana izay dia voalamina ny amin'ny maha-Andriamanitra sy ny zavatra hafa rehetra. Ireo zava-miafina rehetra, ny taranaky ny menarana, na inona koa, dia tsy maintsy voambara.

40 Ankehitriny, hitanareo, tsy manamboamboatra an'izany fotsiny aho. Izany no . . . Izany no HOY NY TOMPO HOE. Hamaky an'Izany aminareo avy ao amin'ny Boky aho hoe, "Amin'ny fitsofana ny Hafatr'ilay anjely fahafito, dia ho tanteraka ny zava-miafin'Andriamanitra, izay nambaran'ireo Mpaminaniny masina," izany hoe ireo mpaminany izay nanoratra ny Teny. Amin'ny fitsofana, ny taom-piangonana fahafito, ilay taom-piangonana farany, ireo nihantona rehetra, izay nofotopotorina nandritr'ireo taom-piangonana ireo, dia hifarana miaraka.

41 Ary rehefa mivaha ireo Tombokase, ka voambara ny zava-miafina, dia midina ilay Anjely, ilay Iraka, Kristy, mametraka ny Tongony eo ambonin'ny tany sy eo ambonin'ny ranomasina, miaraka amin'ny avana iray eo ambonin'ny Lohany. Ankehitriny, tsarovy, ity anjely fahafito ity dia eto ambonin'ny tany amin'ny fotoan'io Fihaviana io.

42 Tahaka ny nanomezan'i Jaona ny hafany fotsiny, tamin'ny fotoana iray ihany izay nahatongavan'ilay Mesia tamin'ireo andro ireo. Jaona dia nahafantatra fa hahita Azy izy, satria izy no hampiditra Azy.

43 Ary fantatsika fa, ao amin'ny Soratra, any amin'ny Malakia 4, dia hisy anankiray tahaka an'i Jaona, ny—Elia iray izay ahafahan'ny Tenin'Andriamanitra ho tonga. Ary izy no tsy maintsy hanambara, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra, ary hamerina ny Finoan'ny zanaka ho amin'ny finoan'ireo ray apostolika, hamerina indray an'ireo zava-miafina izay nofotopotorina, nandritr'ireo taonan'ny anaram-piangonana ireo. Ankehitriny, izany no nolazain'ny Teny. Tompon'andraikitra fotsiny amin'izay Nolazainy aho. Hitanareo? Izany dia—voasoratra Izany, dia marina. Izany no Izy.

44 Ankehitriny, hitantsika fa ity Bokin'ny Tombokase Fito ity, ankehitriny, dia ny zava-miafin'ny fanavotana. Bokin'ny Fanavotana Izany, avy amin'Andriamanitra.

45 Ankehitriny, ireo zava-miafina rehetra, amin'ity fotoana ity, dia tsy maintsy tanteraka amin'ny fitsofan'ity iraka ity. Ankehitriny, *eto* dia ilay anjely eto an-tany; ary Anjely "iray

hafa", Iraka mahery, no midina. Hitanareo, *ity* anjely ity dia anjely eto an-tany, iraka; fa *ity* dia Anankiray midina avy any An-danitra, avan'ny fanekena iray, hitanareo, tsy mety ho afatsy Kristy izany.

46 Tahaka ny ao amin'ny Apokalypsy marina tokoa, toko faha-1, "Mitsangana eo afovoan'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito, miaraka amin'ny avana iray, mitovy amin'ny vato jaspy sy karneola."

47 Ary indro Izy miverina indray, ao amin'ny toko faha-10, taorian'ilay fotoana ho avy izay tsy maintsy hahatanteraka an'ireo zava-miafina rehetra sy tsy maintsy hivahan'ireo Tombokase, ka manambara fa izany no, "Tsy misy andro intsony." Ary hoy Izy hoe, "Rehefa manomboka hitsoka ilay anjely fahafito, amin'izay fotoana izay dia ho tanteraka ny zava-miafina, ary fotoana hisehoan'ilay Anjely." Akaiky isika, any ho any. Marina. Mariho ankehitriny.

48 Ireo Tombokase Fito no mihazona ny zava-miafin'ilay Boky. Mandra-pahitantsika hoe inona no nasian'ireo Tombokase Fito tombokase, dia manombatombana fotsiny ihany an'ireo zavatra ireo isika. Satria, araka ny noteneniko taminareo, aninkeo maraina, teo amin'ilay Hafatra keliko aninkeo maraina, hoe Andriamanitra miafina ao anatin'ny fahatsorana. Hitanareo, isika—isika dia . . . Azo antoka fa isika dia tsy maintsy ho diso an'ilay zavatra raha tsy tena voambara tanteraka Izy, amin'ny tena izy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, ka voamarina amin'izany ihany. Hitanareo? Raha mitsangana ny mpaminany ka miteny aminareo fa Ity dia Itsy fotsiny, nefa tsy tahaka an'izany no anamarinan'Andriamanitra, dia adinoy izany. Hitanareo? Fa Andriamanitra, ao amin'ny filazana tsirairay, ao amin'ny zavatra rehetra, dia tsy maintsy manamarina an'Izany, mba hanao an'Izany ho marina. Hitanareo? Noho izany, dia handinika an'ireo zavatra ireo ny Zanany, hitanareo, ary miambina, mariho.

49 Tombokase Fito eo amin'ilay Boky, manana ny . . . Ireo Tombokase Fito ireo no nanisy tombokase an'ilay Boky. Hitanareo? Voaisy tombokase tanteraka ilay Boky. Hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ilay Boky dia Boky iray voaisy tombokase tanteraka mandra-pivahan'ireo Tombokase Fito. Izany dia voaisy tombokase tamin'ny Tombokase Fito. Ankehitriny, samihafa amin'ireo Kotrokorana Fito izany. Hitanareo? Ity dia Tombokase Fito no eo amin'ilay Boky. Ary ilay Boky dia tsy ho, ireo Tombokase dia tsy ho voavaha alohan'ny Hafatr'ilay anjely fahafito. Hitanareo? Noho izany isika—manombatombana isika; fa ny fanambaran'Andriamanitra tena izy dia hatao tanteraka amin'io fitsofana io, Fahamarinana voamarina. Ankehitriny, izany marina tokoa no lazain'ny Teny hoe, "Ho tanteraka ny zava-miafina amin'io fotoana io."

50 Ary ity Bokin'ny Tombokase Fito ity, tsarovy, nikatona Izy teto, ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-5, ary ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-10 dia misokatra Izy.

51 Ary ankehitriny dia ho hitantsika izay lazain'ilay Boky ny amin'ny hoe ahoana no nahatonga Azy nisokatra. Ary tsy nampahafantarina raha tsy ny Zanak'ondry no mandray an'ilay Boky, sy mamaha an'ireo Tombokase, ary manokatra an'ilay Boky. Hitanareo? Tsy maintsy ny Zanak'ondry no mandray an'ilay Boky.

52 Nafenina Izy. Tsarovy ankehitriny, "Tsy misy olona any An-danitra, tsy misy olona ety an-tany," papa, eveka, kardinaly, presbyteran'ny distrika, na iza izy na iza, "afaka mamaha an'ireo Tombokase ireo, na manambara an'ilay Boky, afa-tsy ny Zanak'ondry." Ary efa namotopototra isika, sy nanombatombana, ary tafintohina, sy nanontany, ka—ka izany no antony mahatonga antsika rehetra ao anatin'ny fifanjevoana iray tahaka an'izany.

53 Fa amin'ny teny fikasana Masina dia hosokafan'ny Zanak'ondry tanteraka tokoa ity Bokin'ny Fanavotana ity, ary ireo Tombokaseny dia ho vahan'ny Zanak'ondry, amin'ny andro farany izay iainantsika ankehitriny. Ary tsy nampahafantarina raha tsy ny Zanak'ondry no mandray an'ilay Boky sy mamaha an'ireo Tombokase. Satria, tsarovy, ilay Boky dia notazonina teny an-tànan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana. "Ary ny Zanak'ondry dia mankeo amin'Ilay mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana, ka mandray ny Boky avy eny an-Tànany ankavanana." Mandray ny Boky! Oh, lalina izany. Hiezaka isika ny hamaha olana an'izany raha vitantsika, amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina. Ankehitriny dia miankina Aminy isika. Ary ho hitantsika, atsy ho atsy, fa amin'ny andro farany izany, "Rehefa tapitra ny fotoana."

54 Tsy misy anaram-piangonana manana zò iray ho an'ny fandikana an'ilay Boky. Tsy misy olona manana zò iray handika Azy. Ny Zanak'ondry No mandika Azy. Ary ny Zanak'ondry no Anankiray Izay miteny Azy, ary ny Zanak'ondry no manao ny Teny ho fantatra, amin'ny alàlan'ny fanamarinana sy fitondrana ny Teny ho amin'ny Fiainana. Hitanareo? Marina tokoa! Mariho. Ary tsy voambara raha tsy . . .

55 Ity Boky ity dia tsy voambara raha tsy tapitra ny taonan'ny fiangonana sy ny taonan'ny anaram-piangonana, "ary tsy misy andro intsony." Hitanareo ve izany? Aorian'ny fahataperan'ny taonan'ny fiangonana sy ny taonan'ny anaram-piangonana irery ihany vao voambara Izy.

56 Izany no antony mahatonga an'ilay zavatra ho ao anatin'ny fifanjevoana iray izao hariva izao. Hitanareo, maka foto-pampianarana kely anankiray izy ireo, dia mihazakazaka *eto* amin'ny ilany iray, manao hoe, "Ity no Izy!" Maka foto-

pampianarana hafa anankiray ny iray hafa, mihazakazaka eto amin'*ity* ilany ity, nanao hoe, "Ity no Izy!" Ary manorina anaram-piangonana eo ambanin'izany ny tsirairay avy, hany ka manana anaram-piangonana an-jatony isika. Kanefa mbola, ao amin'ny rehetra amin'izany, mahita ny fifanjevoana, dia manontany ny olona hoe, "Inona no Fahamarinana?" Raha tsy izany mihitsy ilay toerana amin'izao andro izao!

57 Fa amin'izay fotoana izay dia mampanantena Izy, fa, "Rehefa tapitra io fotoana io, dia hisy fitsofan'ny feon'ny anjely fahafito, ary amin'izay fotoana izay vao ho voambara ilay Boky, hitanareo, amin'izany fotoana izany."

58 Ankehitriny, aza milaza, na iza na iza hoe, "Tsy voavonjy ireo olona any ireo."

59 Fa, ireo zava-miafina, no tsy mety azon'izy ireo! Ahoana no ahafahan'Andriamanitra ho telo, kanefa, Anankiray! Ahoana no ahafahan'ny Soratra manao hoe, "Manaova batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina," nefa mitodika ka manao hoe, "Manaova batisa amin'ny Anaran'i Jesosy." Hitanareo? Oh, tena zavatra maro! Ahoana no ahafahan'i Eva mihinana paoma iray ka niteraka ny—ny fahapotehan'izao tontolo rehetra izao? Hitanareo? Ahoana no hampety an'ireo zavatra ireo? Fa ireo zava-miafina ireo dia nampanantenaina ho voambara amin'ny andro farany.

60 Izany dia ireo mihantona, kely izay . . . Tonga teo amin'ny sehatra ireo mpiady lehibe ireo, tahaka an'i Irenée, sy Martin, Masindahy Martin, sy Polycarp, ary ireo hafa tsirairay, sy Luther, sy Wesley, ary ireo rehetra ireo. Hitanareo? Fa tonga izy ireo ary niaina ela fotsiny mba—mba hitondra hazavana iray sy hampamiratra an'izany, saingy namela zavatra maro tao amin'ny—tao amin'ny aizina izy ireo. Avy eo dia tonga ny Taona Pentekotista, tahaka ny Taona Loterana, ary nihazakazaka teo amin'ireo rantsan-kazo izy ireo. Kanefa mbola, mety tsara, aza milaza fa tsy marina izy ireo. Marina izy ireo. Saingy misy an'ireo mihantona tavela, izay tsy azo azavaina. Fa avy eo tao . . . Nahoana? Tsy mbola nivaha ireo Tombokase, mba hanambara marina tokoa hoe inona ireo zavatra ireo. Hitanareo?

61 Fa avy eo, ao amin'ilay taona farany, dia tsy maintsy voavaha sy ampitaina ireo zava-miafina rehetra ireo. Ary ireo Tombokase dia tsy maintsy sokafan'ny Zanak'ondry, sy voambara amin'ny Fiangonana, ary amin'izay fotoana izay dia tsy misy andro intsony. Hitanareo? Mahafinaritra toy ny ahoana! Noho izany, ilay Boky, noho izany, dia Bokin'ny Fanavotana iray. Satria, avy eo dia manohy Izy . . .

62 Ary hiditra isika, any aoriana, hoe ahoana no nidiran'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, sy ny sisa. Eny àry. Jiosy izany.

63 Ankehitriny, ankehitriny, Paoly. Ndao isika hamaky kely. Manana ny sasany amin'ireo Soratra ireo aho, ka heveriko fa isika dia tokony ha—hamaky Azy ireo. Ankehitriny dia ndao isika rehetra hamadika; Paoly, ao amin'ny Efesiana 1.

64 Maro amin'ireo izay hitako no manoratra. Manana ny bokiny izy ireo ary mandray naoty an'ireo Soratra, manisy marika azy ireo ao amin'ny Baiboliny, ho an'ny fampifandraisana iray. Noho izany, izany dia—tsara izany. Tiako ianareo hanao an'izany, ary avy eo dia mandeha mody ka mianatra Azy. Hitanareo? Ary—ary raha mianatra Azy ianareo, ny tenanareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia ha—hahazo Azy tsaratsara kokoa ianareo. Hitanareo? Ianaro fotsiny Izany, ary mangataha amin'Andriamanitra mba hanampy anareo hahazo.

65 Ankehitriny dia ndao isika hamaky ny—Soratra iray izay noraisiko naoty eto. Efesiana 1:13 sy 14, ankehitriny.

> *Ao aminy koa* isika *dia natoky, rehefa avy nandre ny tenin'ny fahamarinana ianareo,* sy *ny filazantsaran'ny famonjena anareo: tao aminy . . . rehefa nino ianareo, no nasiana tombokase tamin'ny Fanahy masina araka ny teny fikasana,*
>
> *Izany no santatry ny lovantsika ho amin'ny fanavotana ny fananana voavidy, ho an'ny fiderana ny voninahiny.* Hitanareo?

66 Ankehitriny, raha mbola manana ny Soratra misokatra isika, dia ndao isika . . . Hitanareo, ny Fanahy Masina eto, Izy tenany, dia Tombokase iray. Ny Fanahy Masina dia Tombokase iray. Ary ny Tombokase iray dia midika (inona?) asa vita iray, ny Fanahy Masina izay Tombokase iray ho an'ny isam-batan'olona. Ary ho an'io isam-batan'olona io, rehefa mandray ny Fanahy Masina izy, amin'izay fotoana izay dia tapitra ny fotoan'ny fitomaniany, hitanareo, satria asa vita iray izany.

67 Ohatra, niasa tao amin'ny orin'asan'ny làlamby aho taloha, ary namatratra tao amin'ireo vagaon'entana an'ireo boatin-tsakafo sy zavatra maro samihafa avy tamin'ilay ozinina mpanamboatra sakafo am-bifotsy izahay. Ary, fa, avy eo, alohan'ny ahafahan'ilay vagao ho voaisy tombokase, dia mandalo ny mpanara-maso, mba hahita raha voafatratra tsara io vagao io. Raha tsy izany, [Mitehaka indray mandeha miaraka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] ny fotoana voalohany nidonany tamin'ny zavatra iray, dia hanaparitaka an'ilay karazan-javatra izany ka hanimba azy, ary—ary ilay orin'asan'ny làlamby no tompon'andraikitra. Ary hitsapa ny zavatra rehetra io mpanara-maso io, mba hahita raha teo amin'ny toerany tsara ilay izy. Raha tsy izany, dia tsy nekeny ilay vagao. Noho izany dia tsy maintsy namerina azy rehetra indray izahay, mandra-pahatongan'ilay mpanara-maso ho afa-po. Ary avy eo rehefa afa-po ilay mpanara-maso, dia akatony ny

varavarana. Ilay mpanara-maso no manakatona ny varavarana. Ary mametraka tombokase iray eo ambonin'izany ilay mpanara-maso, ary amin'izay fotoana izay dia tsy misy olona afaka mamaha an'io tombokase io raha tsy efa tonga any amin'ny fitodiany izy.

68 Izany no nataon'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Mandeha Izy ary mizaha Izy. Izany no antony tsy ahafahanareo mahazo an'ireo zavatra ireo sy. . . Hoy ianareo hoe, "Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, sy nihiakiaka, ary nandihy tao amin'ny Fanahy aho." Tsy misy idiran'izany amin'Io. Hitanareo? Mizaha an'io olona io ny Fanahy Masina mandra-pahatonga Azy ho afa-po tsara mihitsy sy mahafantatra fa izany izy ireo.

69 Noho izany, dia voaisy tombokase ho an'ny fitodiany Mandrakizay izy ireo. Tsy misy na inona na inona hany afaka hamaha an'io Tombokase io. Ny Baiboly. . . Mandray naoty ny Soratrareo ianareo. Efesiana 4:30, no nanao hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny Andron'ny Fanavotana anareo." Hazòny io teny io, "fanavotana," hitanareo. Hatramin'ny andro izay nahavoambara an'ilay Bokin'ny Fanavotana, sy ahatongavan'ilay Mpanavotra hitaky ny Fananany! Tsy misy na inona na inona afaka manao an'izany. Hitanareo? "Aza mampalahelo an'Izany." Mijanòna. . . Manaova zavatra izay mahafaly an'Andriamanitra, satria voaisy tombokase ilay Boky, ankehitriny, ary voaisy tombokase ianareo. Ny Fanahy Masina, Izy tenany, no Tombokase.

70 *Tombokase* dia midika. . . Ankehitriny, ireto dia teny izay nalaiko avy tao amin'ny diksionera. *Tombokase* dia midika hoe "asa vita iray." Ary rehefa vahana ny Tombokase Fahafito, dia mifarana ny zava-miafin'Andriamanitra izay voaisy tombokase tao anatin'ireo Tombokase mahagaga ireo. Mandra-pahatongan'ny andro ivahan'io Tombokase io, ary amin'izay fotoana izay dia izany no manambara an'izay ao anatin'Izany.

71 Raha manontany ilay lehilahy hoe inona no ao anatin'ilay vagao, manao hoe, "Natao hisy an'*izao-sy-izao* ao. Natao hisy ao." Manombatombana izy. Fa rehefa vahana ny tombokase, ka misokatra ny varavarana, dia mahita ny ao anatiny isika amin'izay fotoana izay ary mahita marina tokoa hoe inona no ao.

Hitanareo ve izany? Ary amin'ny andro farany irery ihany izany no ho vita.

72 Ny zavatra iray hafa dikan'ny Tombokase iray, dia "fananana." Hitanareo, manana marika iray eo Aminy ilay Tombokase, maneho fananana. Rehefa novidian'ny Ràn'i Jesosy Kristy ianareo, ka voaisin'ny Fanahy Masina tombokase, dia tsy an'izao tontolo izao intsony ianareo na zavatra izay an'izao tontolo izao. Fananan'Andriamanitra ianareo.

73 Ny zavatra iray hafa, dia, ny Tombokase iray dia "fiarovana." Ny Tombokase dia midika fa voaaro ianareo. Ankehitriny, ianareo izay tsy mino ny fiarovana Mandrakizay, tsy fantatro, hitanareo. Fa ankehitriny, fa, ny Tombokase iray dia midika fiarovana hatrany amin'ny fitodiany. Loza ho an'io zalahy io izay hanandrana hamaha an'io Tombokase io! Ary tsy azo vahana ny Tombokasen'ny Fanahy Masina.

74 Ianareo rehetra dia efa nandre ahy nilaza fa ny olona dia nanao hoe, "Ny devoly no nampanao ahy an'*ity*." Tsia, tsia, tsy ny devoly no nanao an'izany. Tsy voaisy tombokase fotsiny ianareo tao anaty. Satria, rehefa voaisy tombokase ianareo ao anaty, dia voaisy tombokase izy ety ivelany. Hia. Hitanareo? Ankehitriny, dia ianareo no nanatona azy. Ah-hah. Tsy afaka niditra tao anatinareo izy, satria ny fomba tokana hidirana ao anatinareo dia ny mandalo amin'ilay dingana iray ihany izay andalovanareo. Tsy maintsy ho voavonjy izy, nohamasinina, ary feno ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia ho rahalahinareo izy. Noho izany, hitanareo, noho izany izy—tsy izy no nanao an'izany. Tsia, tsia. Nandeha hatrany amin'ilay sisintany fotsiny ianareo dia niverina, nitsiriritra an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Tsy nandeha hatrany amin'ny farany nankao Kanana mihitsy ianareo, hitanareo, niampita an'i Jordana, ny fahafatesana ny amin'ny tena. Hitanareo?

75 Mariho ankehitriny, ankehitriny, ity Boky ity dia voaisy tombokase. Ary—ary ianareo dia voaisy tombokase, miaraka amin'ilay Boky, hatramin'ny Andron'ny Fanavotana.

76 Izao indray, ao amin'ny Romana 8:22 sy 23. Ndao alaintsika izany, dia hanome an'ity foto-kevitra ity isika, ary avy eo dia heveriko fa hahazo Azy tsaratsara kely kokoa isika raha mamaky an'Izany samirery ny olona tsirairay. Manome anareo Soratra vitsy aho eto, mba ahafahantsika—ahafahantsika mijery Azy ireo, ary raha mbola aloha be ny fotoana. Ankehitriny, 8, Romana 8:22, mba hanombohana.

> *Fa fantatsika fa izao famoronana manontolo izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa hiteraka ankehitriny.*
>
> *Ary tsy izy ireo ihany, fa ny tenantsika koa, izay manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy, isika koa aza dia misento ao anatin'ny tenantsika, miandry ny fananganan'anaka, izany hoe, ny fanavotana ny vatantsika.*

77 Oh, oadray! Oh, oadray! Tsy manao antsika olona antitra hahatsapa ho tsara ve izany? Tokony hanao antsika rehetra hahatsapa ho tsara izany, miandry an'io ora io. Azontsika fa amin'ny fitsanganana voalohany io no hiseho. Hitanareo? Misento ny natiora. Misento isika. Ny zavatra rehetra dia misento, satria fantatsika fa misy zavatra tsy mety. Ary ny fomba

tokana ahafahanareo misento, sy miandry an'izany, dia satria nisy Fiainana vaovao niditra *tato*, izay miresaka ny amin'ny Tontolo iray vaovao.

78 Tahaka ny vadiko eto, vao tsy ela akory izay, nandeha teto izahay nankao amin'ny trano fivarotana. Dia hoy aho hoe, "Nahita zavatra iray hafahafa isika; ramatoa iray izay nanao akanjo lava." Ary tena hafahafa ilay izy, hitanareo. Izy ireo, izy ireo dia. . . Saiky izy rehetra dia tsy manao akanjo lava, hitanareo. Ary, na manao ahoana na manao ahoana, dia mpanadino izy ireo; mivoaka tsy manao azy ireny izy ireo. Koa noho izany izahay . . . Minia ho mpanadino izy ireo.

79 Ary noho izany, avy eo, dia hoy i Meda tamiko, hoy izy hoe, "Bill, nahoana izao?" hoy izy.

80 "Oh," hoy aho, "ilay fanahin'ny firenena fotsiny izany." Dia hoy aho hoe, "Rehefa mandeha mankany Alemaina ianao, dia manana fanahy anankiray izy ireo. Mandehana mankany Finland, dia manana fanahim-pirenena iray izy ireo. Tonga eto Amerika ianao, dia manana fanahim-pirenena iray isika."

81 Ny fanahim-pirenentsika dia sangisangy, vazivazy. Fantatrareo ve hoe nahoana? Naorina teo ambonin'ny Foto-pampianaran'ny apostoly isika. Naorina teo ambonin'ny fitarihan'ireo lehilahy malaza isika, tahaka an'i Washington, Lincoln. Saingy nifindra niala tamin'izany fanorenana izany isika, ka fantatsika izay ananantsika ho avy. Fantatsika fa eo amin'ny baomba atomika iray dia manana ny anarantsika voasoratra eo amin'izany isika. Fantatsika fa mipetraka eo alohantsika ny fanandevozana. Tsy ilaina ny mamitaka ny tenanareo.

82 Izany dia mampahatsiahy ahy, tahaka ny sasany amin'ireo mpanao hatsikana, tonga eo ka—ka miteny an'ireo vazivazy, sy fahadalana ireo, ary manao hadalana amin'ny fomba izay ataony ireo vehivavy, sy ireo lehilahy, miaraka. Izany dia mampahatsiahy ahy zazalahy kely iray nandalo teo amin'ilay tokontanim-pasana, nisioka, niezaka nanao ny tenany hino fa tsy matahotra izy. Azo antoka, matahotra izy. Hitanareo? Tsy mamitaka na iza na iza izy. Izany no antony nisiahany. Hitanareo? Miezaka ny hilaza fa tsy matahotra izy, saingy matahotra izy. Ary izany ilay olana, amin'izao andro izao.

83 Fa, oh, fanantenana voatahy iray toy ny inona ho an'ilay mpino, izay manangana ny tànany, satria akaiky ny fanavotana antsika. Rehefa mahita an'ireo zavatra ireo mitranga izy, dia izany no fotoana malaza iray ho an'ilay mpino.

84 Ankehitriny, ireo zavatra ireo, hoe, ny fisentoana ao amin'ny vatantsika. Efa mba nahamarika hazo iray ve ianareo, hoe ahoana no itolomany ho an'ny fiainana? Te-ho velona izy. Ary mariho ny biby iray, ahoana ao amin'ny—ao amin'ny fahafatesana, ahoana no itolomany. Mahamarika olombelona

iray ianareo, ny zavatra rehetra, misento ny natiora. Isika, ao anatin'ny tenantsika, dia misento. Hitanareo? Fantatsika fa misy zavatra tsy mety ao. Mahita isika, avy tamin'ireo andininy ireo, fa nisy zavatra iray very, na ho an'ny olona na ny tany. Ny famoronana amin'ny karazany rehetra, dia nahavery zavatra iray, satria hitantsika avy amin'io Teny voatsindrimandry io fa misento izy nohon'ny antony iray. Ianareo, tsy misento ianareo raha tsy misy antony iray ho an'izany.

Araka ny niresahako ny amin'ilay ranomainty, misy antony iray izany.

85 Tahaka an'izany amin'ny fivavahana ho an'ny marary; mandra-pahitanareo an'ilay antony! Fantatro ilay fanefitra, saingy tsy maintsy mahita an'ilay antony aho. Izany no antony tena ilàna an'ireo fahitana sy ny fahafantarana; manambara ny tsiambaratelon'ny fo izany, miteny amin'ilay olona an'izay nanaovanareo ny fahadisoanareo, sy izay hatao. Hitanareo? Tsy mampaninona na fanafody firy no alainareo, na menaka firy no ararakareo eo amin'ny lohan'izy ireo, na mafy toy ny ahoana no hikiakiahan'ny olona iray eo aminareo; raha misy zavatra tsy mety ao, dia hipetraka eo mihitsy izy. Nilaza aho hoe "izy," Satana izany.

86 Hitanareo, amin'izao andro izao, na dia mandroso aza isika, ao amin'ny fitsaboana, dia mbola tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'ireo zavatra ireo foana. Hoy ianareo hoe, "Tratry ny homamiadana izy." Eny, tsinontsinona izany. Izany, izany—izany dia manome anarana an'izay maha-izy azy fotsiny. Manome anarana ara-medikaly izany, homamiadana. Tsy misy idiran'izany amin'izay maha-izy azy mihitsy. Izany no anarana izay iantsoantsika azy. Miantso azy amin'ilay anarana fotsiny isika hoe, homamiadana. Fa, ny tena izy, ny maha-izy azy, vahavahao izany, fa devoly iray izany.

87 Ankehitriny, hoy isika hoe "fahotana." Isika fotsiny no miantso azy hoe fahotana. Vahavahao izy. Inona ny fahotana? Olona maro no manao hoe, "Misotro, mijangajanga." Tsia, tsia. Toetran'ny fahotana izany. Hitanareo? Izany no ateraky ny fahotana, hitanareo. Fa ny tena fahotana dia ny tsi-finoana. Teo izany no—teo no nanomezana anarana sy niantsoana an'izany. Raha mpino iray ianareo, dia tsy manao an'ireo zavatra ireo. Fa tsy mampaninona na masina toy ny ahoana aza no ezahanareo hanaovana ny tenanareo, ary toy ny ahoana no ezahanareo ho mpivavaka; raha manao an'ireo zavatra ireo ianareo, dia tsi-mpino iray. Ara-tSoratra izany.

88 Ankehitriny, misy zavatra iray very, ka misento izy. Miezaka ny hiverina izy, hiverina any amin'ny toerany tany amboalohany.

89 Afaka hieritreritra olona iray nianjera avy eo amin'ny tany ve ianareo, mankao amin'ny lavaka lalina iray any ho any, ka

mitolona, mihanika, misintona? Izy ireo dia tsy maintsy, amin'ny fomba iray, hivoaka avy ao amin'io lavaka io. Tsy ao amin'ny toerany tany am-boalohany izy ireo. Ary, am-pahataitairana, dia mikiakiaka izy ireo. Mandrangotra ny rindrina izy ireo, manao tabataba, na manao fomba iray. Izy ireo dia—misento izy ireo satria te-hiverina amin'ny toerany tany am-boalohany.

90 Izany no antony ho an'ny olona iray, izay tratry ny aretina, sy fahararìana ary fanaintainana. Nisy fotoana iray izay tsy nahatahaka an'izany azy ireo, saingy misento izy ireo. Nahoana? Tsy tsara izy ireo. Misy zavatra tsy mety ao. Ary misento izy ireo, ka miezaka ny hiverina eo amin'izay nisy azy fony izy ireo nanana fahasalamana.

91 Ary rehefa ny natiora sy ny olona, araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "misento," dia izany no maneho fa misy zavatra ao, ka tsy ao amin'ny tokony ho toerany izy ireo. Lavo avy tany ho any izy ireo. Ankehitriny, tsy mila olona handika an'izany ho antsika isika. Hitanareo? Satria, mazava ho azy, fantatsika fa avy tamin'ny Fiainana Mandrakizay izany, no nahalavo azy ireo. Ary verin'izy ireo ny zòny ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, tamin'ny alàlan'ny fahalavoan'i Adama sy Eva, izay lavo avy tamin'ny Fiainana Mandrakizay, ho amin'ny fahafatesana, tao amin'ny sahan'i Edena, ka nitondra ny natiora rehetra, teo ambanin'izy ireo, ho amin'ny fahafatesana.

92 Tsy maty mihitsy ny hazo iray, talohan'i Adama. Tsy nila maty ny biby iray, talohan'i Adama. Ary zavatra anankiray ihany no tsy mety maty, dia Andriamanitra izany, satria Mandrakizay Izy. Ary izany no fomba tokana ahafahantsika ho voaaro tsy ho faty, tsy maintsy manana Fiainana Mandrakizay ao anatintsika isika, mba ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

93 Fa rehefa maty isika, araka ny nolazaiko tao amin'ny Hafatra aninkeo maraina, mba hanotana, dia nivarotra ny fizokiantsika isika ka niampita an'ilay hantsana. Ankehitriny dia any ankoatry ny fanakaran'Andriamanitra isika, eto amin'ity ilany hafa an'ilay hantsana ity. Ankehitriny, mazava ho azy, rehefa lavo i Adama, ho amin'ny fahafatesana, dia nitondra fahafatesana teo amin'ny famoronana rehetra izy.

94 Ankehitriny, nomena azy ny safidy malalaka. Nomena azy ireo tahaka antsika fotsiny izany, mba hanaovana safidy iray. Ankehitriny, Adama sy Eva, tany amin'ny voalohany, nisy hazo iray an'ny tsara sy ny ratsy teo anatrehan'izy ireo, ary io hazo iray io ihany no mipetraka eo anatrehan'ny isanisany sy—sy ny tsirairay avy amintsika. Hitanareo, Andriamanitra dia tsy manao ho an'i Adama na ho an'i Eva . . . Hoy ianareo hoe, "Eny, fahadisoan'izy ireo izany." Tsia, tsy izany ilay izy ankehitriny. Fahadisoanareo izany. Tsy afaka mametraka an'izany eo amin'i Adama ianareo ankehitriny. Tsy maintsy mametraka an'izany eo

amin'ny tenanareo ianareo, satria mipetraka eo anatrehanareo ny marina sy ny diso. Eo amin'ilay fototra iray ihany tahaka an'i Adama sy Eva isika.

95 Fa, hitanareo, rehefa navotana isika, dia tsy ilaintsika intsony ny safidintsika manokana, fa mila ny Safidiny isika. Hitanareo? Hitanareo?

96 Ankehitriny, nila ny safidiny manokana i Adama sy Eva. Izy ireo dia nila, izy ireo dia nila nahita hoe inona izany manana fahendrena izany, noho izany dia namotopototra an'izany izy ireo, ka izany no niteraka ny fahafatesana.

97 Ankehitriny, rehefa navotana ny olona iray, dia tsy miraharaha ny fahaizana intsony izy. Tsy miraharaha an'ireo zavatr'izao tontolo izao intsony izy, ny fahendren'izao tontolo izao. Tsy te-hanao safidy intsony mihitsy izy. Kristy no efa safidiny, ary izany ihany ny amin'io. Navotana izy. Tsy te-hitarika ny tenany intsony mihitsy izy. Tsy mila olona hiresaka aminy izy hoe aiza no haleha ary inona no hatao. Miandry fotsiny izy ary mahita ny safidin'ilay Mpanao azy. Hitanareo? Avy eo dia mandeha amin'ny Anaran'ilay Mpanao azy izy, rehefa miteny aminy mba handeha ilay Mpanao. Hitanareo?

98 Fa ny olona izay mikatsaka fahendrena, dia te-hahita hoe, "Eny, tena tsara ity paroasy ity; saingy mandoa vola amiko mihoatra izy ireo any, noho izany dia handeha any aho." Hitanareo? Hitanareo, fahendrena.

99 Ankehitriny, rehefa nanota i Adama, nohon'ny fihainoana tsara ny fandanjalanjan'ny vadiny raha tokony nihazona teo amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia izany no nanao an'i Adama hanota. Nandanjalanja niaraka tamin'i Satana ny vadiny, ary avy eo dia nanolotra an'ilay vokatra tamin'i Adama, ary navotsotr'i Adama ny Teny ka namidiny.

100 Veriny, ihany koa, ny lovany, rehefa veriny ny fiombonany sy ny zòny ho amin'ny Fiainana. Tsarovy, "Amin'ny andro ihinananao an'izany, dia ho faty ianao amin'izany andro izany." Ary rehefa veriny ny Fiainany, dia veriny ihany koa ny lovany tao amin'ny fiainana, satria izy no nanana ny fifehezana feno faratampony an'ny tany. Izy dia andriamanitry ny tany iray. Andriamanitra dia Andriamanitry ny zavatra àry rehetra, na aiza na aiza. Fa ny Zanany no nanana an'ity tany ity teo ambanin'ny fifehezany manokana. Afaka niteny izy, afaka nanome anarana izy, afaka nilaza izy, afaka nanajanona ny natiora izy, afaka nanao ny zavatra rehetra izay tiany izy. Hitanareo? Fa, rehefa nanao an'izany izy, dia veriny ny lovany.

101 Ankehitriny, afaka nilaza i Adama hoe, "Aoka ity tendrombohitra, eto ity, hifindra etsy," dia nataony izany. Afaka nilaza i Adama hoe, "Aoka ity hazo, eto ity, hiongotra ka haniry eto," dia nataony izany. Hitanareo? Satria izy no nanana ny fifehezana feno, faratampony, amin'ny maha-

andriamanitra kely iray eo ambanin'Andriamanitra Raintsika, satria zanak'Andriamanitra iray izy.

102 Ankehitriny dia tsy afaka hijanona eto iray minitra fotsiny ve isika ka hahazo tena toriteny iray! Hitanareo? Oh! Noho izany, raha nanadio an'izany ny Rà tany aoriana tany, dia ahoana ny amin'ny ankehitriny? Hitanareo? Jereo izay nataon'ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Adama faharoa, hoe inona. Hitanareo? Ary nanao hoe, "Ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa." Hitanareo?

103 Verin'i Adama ny lovany, ny tany. Ankehitriny, nifindra avy teo amin'ny tànany izany nankany amin'ilay anankiray izay nivarotany azy, Satana. Nivarotra ny finoany an'Andriamanitra, ho an'ireo fandanjalanjan'i Satana izy. Noho izany, ny Fiainany Mandrakizay, ny zòny amin'ilay Hazon'Aina, ny zòny amin'ny tany, dia azy, fa veriny ny kely tsirairay nankeny an-tànan'i Satana. Nifindra avy teo an-tànany izany nankany amin'i Satana. Noho izany, ankehitriny, izany dia efa, niverina izany ary voaloto. Ary ny taranak'i Adama no nanimba ny lova izay tokony ho nananan'i Adama, izany hoe ny tany. Marina izany, hitanareo, ny taranak' i Adama.

104 Nijanona aho, indray andro, tany Tucson izay ipetrahako. Ary niresaka tamin'ny olona iray aho, tany an-tampon'ilay tendrombohitra, nijery ambany. Hoy aho hoe, "Inona no heverinao! Fa, telonjato taona lasa izay, dia nandalo niaraka teo tamin'ny kalesiny tarihina ilay Papago fahiny, niaraka tamin'ny vadiny sy ireo zanany nipetraka taoriana, nandeha teo tany ho any ary niaina am-pilaminana. Tsy nisy fijangajangana, tsy nisy whisky, tsy nisy filokana, tsy nisy na inona na inona teo anivon'izy ireo. Niaina madio izy ireo. Ary ny alikadia dia nidina teo amin'ny—ny moron-drano, isan'alina, nitety an'i Tucson eo, nivovò. Ary namony ireo bozaka lava sy raketa, nanerana an'ireo morona. Ary nijery teo amin'izany Jehovah ka tsy maintsy nitsiky. Fa tonga tahaka an'izany ny olona fotsy hoditra, ka inona no nataony? Nongotany ireo raketa. Nolotoiny ny firenena, tamin'ireo boatin-dabiera sy tavoahangin'ny whisky. Nopotehiny ireo fitondran-tenan'ny firenena. Ny fomba tokana nahafahany nandripaka ny Indiana dia ny namono ny sakafony, ny ombidia."

105 Rehefa namaky aho tany Tombstone, indray andro, tao amin'ny—ny tranom-bakoka, ka nahita an'ireo sarin'i Geronimo. Ary maro aminareo no mety mihevitra fa jiolahimboto iray i Geronimo. Ho ahy, izy dia Amerikana iray tena izy. Niady fotsiny ho an'izay marina izy, izay nomen'Andriamanitra azy: tany iray, sy firenena iray, ary toerana iray iainana. Tsy manome tsiny azy aho. Ary rehefa niditra teo ireo miaramila fotsy hoditra ka, tamin-kery, naka an'ilay tany, ary namono azy ireo tahaka ny andian-dalitra iray. Ary nisy ny sary tany am-boalohany an'ireo foibem-pitsaboan'i Geronimo tany, na ny hopitaliny.

Bodofotsy roa na telo no teo ambonin'ny andiam-bozaka lava iray. Ary ireo Amerikana naratra, marina, tena izy, Indiana, dia niady ho an'ny zòny nomen'Andriamanitra azy ireo. Ary teo, Geromino niaraka tamin'ny zazakeliny manokana iray, teo amin'ny valahany, nitsangana teo nijery an'ireo mpiadiny manokana, nivoa-drà, teo am-pahafatesana, tsy nisy penicilline na inona na inona, tsy nisy fomba hanampiana azy ireo; Amerikana tena izy, nomen'Andriamanitra! Avy eo ve dia hiantso azy hoe jiolahimboto iray? Izaho dia miantso azy hoe lehilahy mihaja iray.

106 Tsy ho nitolo-batana mihitsy i Cochise. Lahy antitra iray izy. Fa ny Tafika Amerikana, voalahatra tsara izy ireo tany, ary nandeha tany ka namono an'ilay ombidia. Nanao fitsangatsanganana izy ireo, ary i Sharpe no namorona ny basy fitifirana ombidia, ka nandeha tany izy ireo ary nanao hoe, “Oh, nanana andro tsara iray aho androany,” nitifitra, teo amin'ny sisin'ny—ny vagaon'entana iray, na vagao mpitondra olona iray. Hoy izy, “Nahafaty efapolo aho androany.” Ombidia efapolo, izay ho nitahiry an'ilay foko Indiana manontolo, nandritry ny roa taona na mihoatra. Nataon'izy ireo inona izy ireo? Namela azy ireo hitsitra tao amin'ilay tany efitra. Ireo fatim-bibiny ratsy nibontsina no nameno an'ireo tany, sy nanamaimbo an'ireo tany, izay nohanin'ireo alikadia.

107 Rehefa namono ny ombidia ny Indiana, dia nisy fotoam-pivavahana iray tany. Nalainy ireo kitrony, nitahiry azy ireny mba hanaovana vilany. Ny henany no nohanin'izy ireo, na dia ny henan'ny tsinay aza. Nalain'izy ireo ny henany rehetra ary nahantony sy nohamaininy izany. Nohamainina ny hodiny, ary nanaovan'izy ireo akanjo sy tranolay. Tsy nisy na inona na inona. . .

108 Fa, rehefa niditra ny olona fotsy hoditra, ilay olona fotsy hoditra no jiolahimboto. Izy no karilahy. Ary niditra izy ka namono an'ireo ombidia ireo, ary nanao an'ireo Indiana ireo ho matin'ny hanoanana.

109 Ny lehilahy tena izy rehetra dia hiady ho an'ireo zòny nomen'Andriamanitra azy. Tasy iray eo amin'ny saina Amerikana izany, izay nataon'izy ireo tamin'ny Amerikana Indiana. Sady izay koa, azy izany.

110 Inona no heverinareo raha i Japo-. . .Japon, na—na anankiray, Rosia no hiditra, ka hanao hoe, “Mialà eto! Mivoaha avy eto,” ka—ka hanao amintsika sy ireo zanatsika tahaka ny nanaovantsika an'ireo Indiana ireo? Fa, tsarovy, namafy isika, ary ankehitriny dia hijinja isika. Izany no lalàn'Andriamanitra, fantatrareo. Misy fotoam-pambolena iray, ary avy eo dia fotoam-pijinjana iray. Heveriko fa tena ratsy izany. Eny, tompoko.

111 Ankehitriny dia inona no nitranga? Ilay taranak'i Adama voaloto no nandoto sy nanimba tanteraka ny tany. Fantatrareo

ve fa ny Baiboly no milaza an'izany? Ary satria nanao an'izany izy, ilay taranak'i Adama voaloto, dia hanimba azy ireo Andriamanitra. Tianareo ve ny hamaky an'izany? Ndao jerentsika. Manana an'izany voasoratra eto aho. Mamadiha ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-11, dia hahita isika. Raiso ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-11, dia ho hitantsika izay nolazain'Andriamanitra mikasika an'ireo izay namotika ny tany. Ny toko faha-11, ary ndao raisintsika ny andininy faha-18, mino aho fa izay ilay izy, 11:18. Eto isika izao.

> *Ary tezitra ireo firenena, ary tonga ny fahatezeranao* (diniho ankehitriny ny fahatezeran'Andriamanitra), *sy ny fotoana ho an'ny maty, izay tokony hitsarana azy ireo, sy izay tokony hanomezanao valim-pitia ho an'ireo mpaminany mpanomponao, sy ho an'ireo olo-masina, ary* ho *an'ireo izay matahotra ny anaranao,* na *kely na lehibe; ary* tokony *hanimbana—hanimbana an'ireo izay manimba ny tany.*

112 Inona no hataon'izy ireo? Hijinja an'izay nafafiny. Azo antoka. Rehefa mahita ny fahotana mihazakazaka eny amin'ireo làlambe ianareo! Firy, amin'ity Alahady hariva ity, fijangajangana firy no ho vita ato amin'ity tanàna ity izao hariva izao? Vehivavy firy no handrava ny voadim-panambadiany, ao amin'ity lavaka kely eto amin'ity tany ity, antsoina hoe Jeffersonville? Resaka fanalan-jaza firy no heverinareo fa voarakitra any Chicago, ao anatin'ny telopolo andro? Eo anelanelan'ny dimy arivo sy roa alina sy telo alina isam-bolana, ankoatr'ireo izay tsy nanaovana filazana. Whisky firy no nosotroina ao amin'ny tanànan'i Chicago? Inona no heverinareo fa mitranga any Los Angeles ao anatin'ny alina anankiray? Impiry ny Anaran'ny Tompo no natao tsinontsinona, ato amin'ny tanànan'i Jeffersonville androany? Tsaratsara kokoa ve ankehitriny, na efa tsaratsara kokoa ve raha tonga tamin'ny sambolay i George Rogers Clark? Hitanareo, nandoto tanteraka ny tany tamin'ny fahalotoantsika isika, ka hanimba an'ireo izay manimba an'izao tontolo izao Andriamanitra. Andriamanitra no niteny an'izany.

113 Nieritreritra foana aho fa nisy zavatra iray tao anatiko tao, toy ny hoe hiakatra eny an-tendrombohitra ka hijery ny fomba nanaovan'Andriamanitra an'izany.

114 Halako, i Florida, izay ananan'izy ireo hazo palma nataon-tànana. Ary, oh, oadray, aleoko mahita voay mampihendratra ny rambony, any an-efitra any, toy izay mahita an'io fampihomehezana rehetra sy ny karazany any io izay ataon'izy ireo ao Hollywood, ary io mamirapiratra rehetra any io, sy andiana mamolava. Ary, oh, oadray, mieritreritra fotsiny aho hoe, "Indray andro any! Indray andro any!" Hia.

115 Fa, tsarovy, ny Baiboly dia efa niteny tamintsika, ao amin'ny Matio ny toko faha-5, hoe, "Ny malemy fanahy no handova ny tany." Marina izany. "Ny malemy fanahy sy ny manetry tena no handova ny tany." Hoy Jesosy hoe, "Sambatra ny malemy fanahy," ireo tsotra izay tsy miezaka ny ho zavatra goavana be iray, "izy ireo no handova ny tany." Jesosy no niteny an'izany. Eny. Ankehitriny dia nolotoin'izy ireo izany, ka Andriamanitra no hanimba azy ireo; fa ny malemy fanahy no handova ny tany, aorian'ny nanadiovana azy.

116 Ankehitriny, oh, oadray! Ankehitriny, ilay filazam-pananana very ankehitriny dia eny an-tànan'ilay Tompony tany am-boalohany, Andriamanitra Tsitoha. Ilay filazam-pananana ho amin'ny tany, sy ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, rehefa verin'i Adama izany; noho izany dia tsy afaka maka azy ireo tànana maloton'i Satana, koa niverina nankany amin'ny Tompony tany am-boalohany izany, Andriamanitra Izy tenany. Ho hitantsika izany, afaka iray minitra fotsiny. Eo Izy mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana, miaraka amin'izany eny an-Tànany, ilay filazam-pananana. [Mitehaka ny tànany miaraka indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Oh, manao ahy hahatsapa ho mpivavaka izany. Ilay filazam-pananana ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, filazam-pananana tsy azo lavina ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, rehefa verin'i Adama ho an'ny fahendrena izany, raha tokony ho ny finoana, dia niverina teny an-tànan'ny Tompony, Andriamanitra Tsitoha. Zavatra iray lehibe toy ny inona!

117 Eny àry, eo am-piandrasana. Inona no ataon'izany? Eo an-tànan'Andriamanitra, eo am-piandrasana an'ireo zòn'ny fanavotana. Nanao làlam-panavotana iray Izy, nanao làlana iray hiverenana Izy, ka indray andro any dia tsy maintsy haka azy indray ilay Mpanavotra. Hitanareo ve hoe ho tonga aiza isika ankehitriny? Handinika an'io Olona izay mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana io isika. Eny àry, eo am-piandrasana an'ireo zòn'ny fanavotana, ny fanavotany.

118 Inona io Bokin'ny Fanavotana io, io filazam-pananana io, filazam-pananana tsy azo lavina? "Hoy ianareo hoe, 'tsy azo lavina'?" Inona no dikan'ny hoe tsy azo lavina? Izany dia midika fa nokarohina tany aoriana tany hatrany amin'ny fiandohany ilay izy. Tahaka an'ilay kely—tahaka an'ilay teten-dranomainty kely aninkeo maraina, rehefa nidona tamin'io fanalana tasy io izy, dia lasa niverina tany aoriana tanteraka. Ary rehefa voaaiky ny fahotana ka nilatsaka tao anatin'ny Ràn'i Jesosy Kristy, oh, oadray, dia manome tsy azo lavina iray izany, miverina avy hatrany mihitsy mankany amin'ilay Mpamorona indray. Lasa zanak'Andriamanitra iray ianareo. Voatazona eny an-tànan'ilay Tsitoha ny filazam-pananana tsy azo lavina. Oh, oadray!

119 Ny fanavotany dia midika hoe fananana tanteraka aradalàna an'izay rehetra verin'i Adama sy Eva. Oh, oadray!

[Mitehaka indray mandeha miaraka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Inona no tokony hataon'izany amin'ny Kristiana iray nateraka indray! Ny fananany ara-dalàna an'io fananana tsy azo lavina io, ilay filazam-pananan'ny Fiainana Mandrakizay, dia midika fa manana ny zavatra rehetra izay verin'i Adama sy Eva ianareo. Fioo! Inona ny amin'izany, rahalahy? Ny fananana an'io fananana io!

120 Tsy afaka nahatanteraka an'ireo fitakian'ny fanavotana i Adama. Taorian'ny nahitany fa very izy, nanota izy ary nanasaraka ny tenany tamin'Andriamanitra, dia teto amin'*ity* ilan'ny hantsana ity, noho izany dia tsy afaka nanavotra an'izany izy. Tsy afaka nanao an'izany fotsiny izy, satria izy—nila fanavotana izy, ny tenany, noho izany dia tsy afaka nanao an'izany izy.

121 Fa nitaky Havana Mahavotra iray ny lalàna. Nitaky Havana Mahavotra iray ny lalàn'Andriamanitra. Raha tianareo ny handray naoty an'izany, "Havana Mahavotra," dia tadiavo izany ao amin'ny Levitikosy 25.

122 Tsy hanana fotoana hikarohana tsara an'izany isika, satria, fantatrareo, ny tsirairay—ny lahateny tsirairay dia hanao ha—hariva iray. Hitanareo?

123 Fa nanaiky mpisolo iray ny lalàn'Andriamanitra. Ankehitriny, ahoana moa raha tsy nety nandray mpisolo iray Andriamanitra? Fa ny fitiavana no nanery Azy hanao an'izany. Fa, tsy nanana làlana hiverenana iray ny olona, ary tsy misy fomba iray hiverenany. Vita ny aminy. Saingy ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatanteraka an'io Havana Mahavotra io tao amin'ny Jesosy Kristy Olona. Ny lalàna no nitaky an'izany. Ny fahasoavana no nahatanteraka an'ireo fitakiany. Oh, fahasoavana mahagaga, tena mamy ilay feo! Nitaky mpisolo tsy manan-tsiny iray ny lalàn'Andriamanitra.

124 Ary iza no tsy manan-tsiny? Ny olona rehetra dia teraka tamin'ny firaisana ara-nofo, araka ny fananahana, ny tsirairay avy. Nefa ny anankiray tokana izay tsy izany, dia nahavery an'ireo zò ho amin'ny Fiainana Mandrakizay sy ho mpanjaka eto ambonin'ny tany.

125 Oh, rehefa mieritreritra an'ity Soratra ity aho hoe, "Fa Ianao no nanavotra anay ho an'Andriamanitra, sy hahatonga anay hanjaka ka ho mpanjaka sy mpisorona eny ambonin'ny tany." Oh, oadray! Inona? Ilay Havana Mahavotra! Oh, tantara iray toy ny inona no hananantsika eto!

126 Mariho, nitaky Havana Mahavotra iray ny lalàna mba hanavotra fananana very iray. Ny fahasoavana no nahatanteraka an'io fitakiana io tao amin'ny Jesosy Kristy Olona. Ny Havana iray dia tsy maintsy nateraky ny taranak'olombelona.

127 Ankehitriny, ahoana no ahafahantsika ho izany, nefa ny olona rehetra izay nateraka dia tsy maintsy ho. . . Ary ny olona iray izay tsy afaka mahita fa firaisana ara-nofo iray izany tany, eny, dia jamba tanteraka izy, hitanareo, satria ny olona tsirairay izay nateraka dia nateraky ny vehivavy iray.

128 Ary nitaky Havana Mahavotra iray Andriamanitra, ka tsy maintsy ho olombelona iray Izy. Oh, oadray! Inona no hataonareo ankehitriny? Nitaky Havana Mahavotra iray ny lalàna.

129 Ankehitriny, tsy afaka naka Anjely iray Izy. Tsy maintsy naka olona iray Izy, satria tsy havan'Anjely isika. Isika no mpihavana. Tsy lavo mihitsy ny Anjely. Karazana vatana hafa iray Izy, manana vatana hafa iray. Tsy nanota mihitsy Izy na inona na inona. Hafa Izy.

Fa nitaky Havana Mahavotra iray ny lalàna.

130 Ary ny olona rehetra eto ambonin'ny tany dia teraka avy tamin'ny fananahana iray. Ankehitriny, tsy hitanareo ve, fa avy teo no nihavian'izany. Teo no nanombohan'ny fahotana. Noho izany dia hitanareo ve hoe aiza ho aiza no misy azy ankehitriny? Eo no ahatongavany, ny taranaky ny menarananareo, miditra. Hitanareo?

131 Ankehitriny, mariho, nitaky Havana Mahavotra iray. Ary ilay Mpanavotra, Havana Mahavotra, dia tsy maintsy ateraky ny taranak'olombelona. Indro, tsy afa-manoatra isika. Fa mamelà ahy hitsoka an'ilay Trompetra aminareo. Ny fahaterahana ara-virijiny no namokatra an'ilay—ilay vokatra. Amena. Ny fahaterahana ara-virijiny no namokatra ny Havana Mahavotra antsika. Tsy nisy hafa afa-tsy ilay Andriamanitra Tsitoha no lasa Imanoela, isan-tsika. Imanoela! Ilay "Havana Mahavotra" dia hita. Hitanareo hoe ahoana no anaovan'Andriamanitra fitakiana iray, ka tsy misy na inona na inona azontsika atao. Fa avy eo dia miditra ny fahasoavana ka manaloka an'io lalàna io, ary mamokatra an'ilay vokatra. Amena! [Mitehaka indray mandeha miaraka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.]

132 Oh, rehefa tonga any an-Trano ianareo! Rehefa mahazo an'ilay trano bongo keliko aho any; izay hirain-dRahalahy Neville. Rehefa mandre zavatra iray ianareo rehetra any, amin'ny maraina iray, mihira hoe, "Fahasoavana mahagaga, tena mamy ilay feo, izay namonjy mahantra iray tahaka ahy!" Manaova hoe, "Deraina Andriamanitra! Rahalahy Branham antitra no nanao an'izany. Io izy tonga, hitanareo." Eny. Oh!

> Ny fahasoavana no nampianatra ny foko hatahotra,
> Ny fahasoavana no nanafaka ny tahotro;
> Sarobidy toy ny ahoana no nisehoan'io fahasoavana io
> Tamin'ny ora voalohany izay ninoako!

133 Miandrasa mandra-pahatongantsika eo amin'izany, vetivety fotsiny! Oh, oadray! Jereo ankehitriny. Ny Boky . . .

134 Ny Bokin'i Rota dia manome sary tsara tarehy iray an'izany, ahoana i Boaza . . . Ary verin'i Naomy ny toerany. Ianareo, fantatrareo. Efa nandre ahy nitory teo amin'izany ianareo, sa tsy izany? Atsangano ny tànanareo raha efa nandre ahy nitory an'izany ianareo. Noho izany, dia azonareo, hitanareo. Tsy maintsy lasa mpanavotra iray i Boaza. Ary izy no anankiray tokana izay afaka. Tsy maintsy ho havana iray izy, havana akaiky iray. Ary, tamin'ny fanavotana an'i Naomy, dia nahazo an'i Rota izy. Jesosy izany, Boaza manao tandindona an'i Kristy. Ary rehefa nanavotra an'ny Isiraely Izy, dia nahazo an'ilay Ampakarina Jentilisa Izy. Koa noho izany, hitanareo, tena tsara tarehy mihitsy! Manana an'izany eo amin'ny horonam-peo isika, azoko antoka, eto any ho any, raha tianareo ny hanana an'izany.

135 Mariho ankehitriny, ankehitriny, tsy maintsy ho Havana Izy. Noho izany, hitanareo, tsy afaka nanao an'izany ny Anjely iray. Tsy afaka nanao an'izany ny olona iray; tsy maintsy olona iray izany, saingy tsy mety hateraky ny vehivavy iray izy, firaisana ara-nofo iray. Noho izany, ny fahaterahana ara-virijiny, ny Fanahy Masina no nanaloka an'i Maria. Noho izany, dia tsy Jiosy iray Jesosy. Tsy Jentilisa iray Jesosy. Jesosy dia Andriamanitra. Marina tokoa izany. Tsy avy tamin'ny firaisana ara-nofo iray Ny Rà̀ny. Izy dia ilay Ràn'Andriamanitra masina, noforonina. Ary tsy novonjena tamin'ny alàlan'ny rà Jiosy isika, tsy novonjena koa tamin'ny alàlan'ny rà Jentilisa isika. "Novonjena tamin'ny alàlan'ny Ràn'Andriamanitra isika." Araka ny Baiboly izany. Izy no niteny an'izany. "Isika dia novonjena tamin'ny alàlan'ny . . . "

136 Noho izany, hitanareo, Jesosy dia Andriamanitra. Tsy Olona fahatelo Izy, Olona fahefatra, Olona faharoa. Izy no ilay Olona. Andriamanitra Izy, hitanareo. Andriamanitra Izy, Imanoela. Nidina avy tany amin'Ny Voninahiny Andriamanitra, nanambara ny Tenany. Tiako ilay tantara, an'i Booth-Clibborn, ilay hira fiderana malaza, tsara tarehy.

> Nidina avy tany amin'Ny Voninahiny, tantara velona mandrakizay,
> Tonga ny Andriamanitro sy Mpamonjiko, ary Jesosy No Anarany.
> Teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona iray, vahiny iray ho an'ny Azy manokana,
> Lehilahin'alahelo, ranomaso ary fangirifiriana. Oh!
>
> Fanehoam-pahalehibeazana toy ny inona, mitondra fanavotana ho antsika;
> Rehefa tao anatin'ny alina maizina indrindra, tsy nisy tsirim-panantenana iray hita;

Andriamanitra, sarobidy, malemy fanahy, no nanaisotra ny Famirapiratany,
Nietry mba hila fitia ka namonjy ny fanahiko.

O toy ny ahoana no itiavako Azy! Toy ny ahoana no ankamamiako Azy!
Ny aiko, ny hazavako, ny rehetrako amin'ny rehetra!
Lasa Mpamonjiko ilay Mpanavotra lehibe,
Lasa Mpamonjiko ilay Mpamorona lehibe,
Ary ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra mitoetra ao Aminy.

137 Izany ilay Anankiray izay nahatanteraka ny fitakiana. Ny fahasoavana no namokatra an'i Jesosy Kristy Olona. Ary hitantsika, ity Boky ity ankehitriny. . . Andriamanitra dia namelatra ny Tranolainy, avy tamin'ny Andriamanitra, mba ho lasa Olona iray. Nanova ny Tantaram-pirazanany Izy, avy tamin'ny Tsitoha, mba ho Olona iray; haka ny endrik'olona, mba Ahafahany ho faty, hanavotra ny olona. Miandrasa mandrapahitantsika Azy, rehefa tsy misy "olona iray mendrika." Hitanareo? Eny àry.

138 Ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny Bokin'i Rota, raha mamaky an'izany ianareo, dia ho hitanareo, fa ny olona iray tahaka an'izany dia nantsoina hoe ny "goel," g-o-e-l. Nantsoina hoe ny goel, na, izany dia olona iray izay afaka mahatanteraka an'ireo fitakiana. Ary tsy maintsy manao an'izany ny goel, tsy maintsy manaiky hanao an'izany, ary tsy maintsy ho havana iray, havana akaiky, mba hanao an'ilay izy.

139 Ary Andriamanitra, ilay Mpamorona, ny Fanahy, dia lasa havana ho antsika rehefa tonga olona Izy, mba Ahafahany mitondra ny fahotantsika eo Aminy, sy mandoa ny vidiny, ary manavotra antsika hiverina amin'Andriamanitra indray. Izany ilay izy. Izany ilay Mpanavotra.

140 Nanavotra antsika Kristy ankehitriny. Voaavotra isika ankehitriny. Fa tsy mbola nitaky ny Fananany Izy. Ankehitriny, mety tsy hanaiky an'izany ianareo, saingy mahareta iray minitra fotsiny, hitanareo. Hahita isika. Hitanareo? Tsy mbola nitaky an'izany Izy. Hitanareo? Raha nandray ny Bokin'ny Fanavotana Izy, ny zavatra rehetra izay nananan'i Adama sy ny zavatra rehetra izay veriny, dia navotan'i Kristy indray. Ary efa nanavotra antsika Izy. Saingy tsy mbola naka an'ilay fananana Izy; tsy afaka Izy mandra-pahatongan'ny fotoana voatendry. Ary amin'izay fotoana izay dia ho tonga ny fitsanganana, ary havaozina indray ny tany amin'izay fotoana izay. Ary amin'izay fotoana izay vao haka ny fananana Izy, ny Fananany izay Azony fony Izy nanavotra antsika, saingy hanao an'izany amin'ny fotoana voatendry. Oh, oadray!

141 Io dia voafaritra ao amin'ity Bokin'ny Tombokase Fito izay ho resahantsika ankehitriny ity. Eny àry. Ny Bokin'ny Fanavotana, voafaritra ato anatiny ato izany rehetra izany. Izay rehetra hataon'i Kristy amin'ny farany dia ho voambara amintsika amin'ity herinandro ity, ao anatin'ireo Tombokase Fito, raha hamela antsika Andriamanitra. Hitanareo? Eny àry. Izany dia ho voambara. Ary voambara, arakaraky ny ivahan'ireo Tombokase sy hamoahany amintsika, amin'izay fotoana izay dia afaka mahita isika hoe inona io drafi-panavotana lehibe io, sy oviana ary ahoana no hahavitan'izany. Nafenina ato anatin'ity Bokin'ny zava-miafina eto ity izany rehetra izany. Izany dia voaisy tombokase, voahidy amin'ny Tombokase Fito, ka noho izany dia ny Zanak'ondry irery ihany no Anankiray Izay afaka mamaha azy ireo.

142 Ankehitriny . . . [Voasariky ny zavatra iray ny fifantohan-dRahalahy Branham—Mpand.] Mamelà ahy. Fantatsika . . .

143 Ankehitriny, raha tianareo ny hijery ao amin'ny Soratra, dia afaka mijery ao amin'ny Jeremia ianareo ka hahita ao. Rehefa izy no—rehefa izy—rehefa lasa tany amin'ny fahababoan'ny firenena izy, fantatrareo, izy—nividy tamin'ny dadatoany izy . . . Ny zanaky ny dadatoany dia nanana tany—tany anankiray, ary nandeha nitety an'izany izy, nanisy tombokase. Ary raha nalaintsika izany rehetra izany . . . Nanana an'izany koa isika tao amin'ireo *Taona Fiton'Ny Fiangonana*, ireo tombokase sy ny sisa, tao anatiny tao.

144 Hitanareo, ny tombokase iray, tao amin'ny Testamenta Taloha, dia tahaka ny horonan-taratasy iray, tahaka an'*izao*. [Mampiasa ravin-taratasy ankehitriny Rahalahy Branham mba hanao kisarisary an'ilay fanoronana, fanisiana tombokase, ary fanokafana horonan-taratasy iray—Mpand.] Ary *eto* dia nisy zava-miafina iray, ary io zava-miafina io dia nafenina. Eny àry, voaisy tombokase manodidina izany ary napetraka eto, ilay zò ho an'*izao-sy-izao*. Avy eo, ny zava-miafina manaraka dia voahorona momba ny hoe inona io lova io, ary mihoatra eto amin'*ity* sisiny ity, ny—ny—ny zò ho an'*izao-sy-izao*. Ary nitohy nidina mandra-pahatonga azy ho horonana iray, satria ny olona dia tsy nanana boky tahaka an'*ity* tamin'izany. Tao anatin'ny horonan-taratasy iray izany, (firy no mahafantatra an'izany?) nantsoina hoe horonana iray. Eny, ny horonana iray voaisy tombokase, afaka mamaha anankiray ianareo *eto*, inona ilay zava-miafin'io, ary mandrovitra azy hisokatra, ary afaka mahita ianareo hoe inona io zò io. Ary avy eo dia mamaha an'ilay anankiray hafa hisokatra, ka afaka mahita hoe inona io zò io.

145 Ary ilay zavatra manontolo Eto dia Tombokase Fito, manana an'ireo zava-miafin'Andriamanitra hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao voaisy tombokase Ao daholo, ary voambaran'ireo Tombokase fito samihafa, izay, raha sitrak'Andriamanitra, dia aoka Izy no hamela antsika hamaha

an'ireo Tombokase ireo sy hijery manerana an'ilay Boky ka hahita hoe inona ny amin'Izany rehetra izany. Hitanareo? Oh, manantena aho fa manana fotoana lehibe iray isika! Eo dia voaisy tombokase ny zava-miafin'ny fanavotana mandra-paha. . . Ity Boky ity dia tsy azo vahana alohan'ny Hafatr'ilay anjely farany.

146 Eo ilay horonana. Fantatsika fa teo Izany. Fantatsika fa ny fanavotana Izany. Nino isika fa ny fanavotana Izany. Hoy i Jeremia hoe, "Ity horonana ity dia tsy maintsy tehirizina. . ." Raha namaky an'izany ianareo teo, dia hilaza izy. Tsy maintsy tehirizina ao anatin'ny vilany tany izy. Hitanareo? Oh, zavatra iray tsara tarehy toy ny inona no azoko resahana eo, vetivety. Ity horonana ity dia notehirizina tao anatin'ny vilany tany, vilany iray izay tonga nofo fahiny (voninahitra!), maty, nitsangana indray, ary notehirizina tao anatin'ny vilany tany iray hatramin'ny fotoan'ny fividianana. Oh, oadray! Tsara tarehy! Eny àry.

147 Ankehitriny, ireto Hafatra ireto dia notehirizina avokoa mandra-paha, ity vilany tany ity, hatramin'ny fotoana an'ny fotoan'Andriamanitra voatendry, amin'ilay hafatra farany eto an-tany. Ary ny rehetra izay notsarain'ireo olona ireo, ka nanao hoe, "Fantatro fa eo Izany. Mino aho fa eo Izany." Ary niady ny amin'Izany izy ireo, ary nitondra an'Izany ka namokatra an'ireo zavatra. Tamin'ny finoana no ninoan'izy ireo an'Izany. Fa ankehitriny dia tsy maintsy entina amintsika amin'ny fanambarana Izany, ary avy eo an-tànan'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fanamarinana. Andriamanitra no niteny an'izany. Izy no nampanantena an'izany.

148 Ankehitriny, ankehitriny dia ndao jerentsika. Taiza, taiza no nisy antsika? Ndao isika handeha ao amin'ny andininy 2 ankehitriny. Nisy fotoana ela ho an'ny andininy 1, fa ndao—ndao isika—ndao isika haka ny andininy 2. Ankehitriny, tsy hijanona ela tahaka an'izany angamba isika eo amin'ilay anankiray manaraka.

> *Ary nahita anjely mahery iray aho niantso tamin'ny feo mahery hoe, Iza no mendrika hanokatra. . . boky, sy hamaha an'ireo tombokaseny?*

149 Ankehitriny, tsarovy. Ndao isika hamaky ny andininy 1 indray, mba hananantsika azy miaraka.

> *. . . hitako teo an-tànana ankavanan'izay nipetraka teo* ambonin'*ny seza fiandrianana . . .*

150 Andriamanitra! Iza io? Ilay Mpihazona ny Bokin'ny Fiainana tany am-boalohany marina tokoa. Izy no mihazona an'Izany. Andriamanitra no mihazona. Rehefa nahavery i Adama, dia niverina tany amin'Ny Tompony tany am-boalohany Izy. Azy Izany.

> *Ary* Jaona (tao amin'ny fahitana) dia nijery ka *nahita teo an-tànana ankavanan'izay nipetraka teo* ambonin'*ny seza fiandrianana ny—ny boky iray voasoratra tao anatiny sy teo ivohony, voaisy tombokase fito*.

151 Hitanareo, ao anatiny! Ankehitriny, rehefa hamaha an'ireto Tombokase ireto isika, dia hahita ianareo, ao anatin'ny Soratra mihitsy Izany, hatrany aoriana rehetra tany, ho an'ny tsirairay avy amin'ireo Tombokase ireo. Ilay zavatra manontolo, miaraka, ilay zava-miafina manontolo, dia mipetraka mihitsy ato anatin'ireto Tombokase ireto. Hitanareo? Ny zava-miafina tsirairay an'ny Baiboly dia mipetraka ao anatin'ireto Tombokase ireto. [Mandondòna indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ary tsy azo vahana ireo Tombokase ireo raha tsy amin'io fotoana io. Manaporofo an'izany aho eto, afaka iray minitra fotsiny.

152 Mariho. Ankehitriny, ilay Boky, tsarovy, dia voaisy tombokase. Ity ny anankiray, ity Izany, *ity* tombokase ity. Avy eo dia voahorona ny Anankiray hafa, Tombokase iray. Voahorona ny Anankiray hafa, Tombokase iray. Bokin'ny Fanavotana iray Izany. Ary ilay zavatra manontolo, miaraka, no manao an'ilay Boky, ary voaisy tombokase tamin'ny Tombokase Fito Izany. Ary, avy eo, dia eo ivohony izany, satria mihorona ilay izy. Ny zava-miafin'ilay Tombokase dia ao amin'ilay anatiny. Ary milaza fotsiny Izy hoe, "Ilay mpitaingina soavaly fotsy," na, "Ilay mpitaingina soavaly mainty," na inona koa, eo amin'ilay ivelany. Fa ny zava-miafin'ilay Boky manontolo dia ao anatin'ireo Tombokase ireo, manomboka amin'ny Genesisy hatrany amin'ny Apokalypsy. Ny drafi-panavotana feno dia voambara ao anatin'ireto Tombokase Fito ireto. Oh, fotoana lehibe iray izany. Hanampy antsika anie Andriamanitra hahazo an'Izany! Hitanareo?

153 Ankehitriny, "Ary anjely mahery iray. . . " Ankehitriny ny andininy 2.

> . . .ilay *anjely mahery,* niaraka tamin'ny feo mahery iray, niantso hoe, *Iza no mendrika*. . .(Mendrika ho an'ny inona?) *Iza no mendrika mba* haka an'ilay *boky,*. . .

154 Hitantsika ankehitriny. Aiza ilay Boky ankehitriny? Any amin'Ny Tompony tany am-boalohany, satria efa verin'ny zanaka iray Izy, ilay zanak'Andriamanitra voalohany, tao amin'ny taranak'olombelona iray. Ary rehefa veriny ireo zòny, mba hihainoana an'i Satana, dia niala izy. . .Inona no nataony? Nanaiky ny fahendren'i Satana izy raha tokony ho ny Tenin'Andriamanitra. Ankehitriny, tsy afaka mijanona eto vetivety ve isika! Ireo zanak'Andriamanitra dia haka ny hevitry ny seminera iray mikasika an'Izany, raha tokony ho ny

Tenin'Andriamanitra. Hitanareo, ilay zavatra iray ihany izay nataon'i Adama, nahavery an'ireo zòny. Ary rehefa nanao izy, dia niverina avy hatrany izany. Tsy mety hitanareo ve hoe taiza no nisy an'ireo taona ireo? Hitanareo? Nandeha niverina avy hatrany nankany amin'ilay mpihazona tany am-boalohany.

155 Ary i Jaona, tao amin'ny Fanahy, dia mitsangana any Andanitra eto. Efa avy nakarina fotsiny izy ankehitriny, avy tao amin'ireo taonan'ny fiangonana, hitanareo, nahita an'ireo taonan'ny fiangonana. Ary avy eo dia nakarina izy, ao amin'ny toko faha-4. Hoy Izy hoe, "Miakara aty. Hasehoko anao ireo zavatra izay ho avy."

156 Ary nahita Anankiray nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana izy, niaraka tamin'ity Boky ity teny an-Tànany, teny an-Tànany ankavanana. Eritrereto izany, ankehitriny. Ary, avy eo, tao anatin'ity Boky ity dia nisy filazam-pananana iray ho an'ny fanavotana, ary voaisy tombokase tamin'ny Tombokase Fito Izany.

157 Ary tamin'izay fotoana izay dia nandroso ny Anjely iray, Anjely mahery iray, niantso tamin'ny feo mahery iray hoe, "Iza no mendrika hanokatra ny Boky; handray ny Boky? Iza no mahay manokatra an'ireo Tombokase? Iza no mahay manokatra an'ity Boky ity?" Hitanareo, ilay Anjely no nanontany an'izany. Nahita an'izany i Jaona. Ary hoy Izy hoe, "Ankehitriny, iza no mendrika? Aoka Izy. . ." Oh, oadray! Angamba izaho fotsiny no mahatsapa an'ity, tahaka an'izany. "Fa aoka Izy," hoy ilay Anjely, "aoka Izy. . ." *Ity* no Bokin'ny Fanavotana! *Ity* no drafi-panavotana! *Ity* no fomba tokana hany hahavotra anareo, satria *ity* no filazam-pananana ho an'ny fanavotana ny lanitra sy ny tany manontolo! "Aoka Izy handroso, raha Tiany." Oh, oadray! "Ankehitriny mitenena, na mihazòna ny Filaminany mandrakizay. Aoka Izy handroso ka hitaky an'ity Boky ity. Iza no mendrika hanao an'izany?"

158 Dia hoy i Jaona hoe:

> Tsy nisy *olona tany an-danitra* hita mendrika; tsy nisy olona teto ambonin'ny *tany* hita mendrika; tsy nisy olona tany ambanin'*ny tany,* izay hany velona ka maty, izay hita mendrika. Tsy nisy olona hita mendrika.

159 Ny antson'ilay Anjely dia antso iray hisehoan'ilay Havana Mahavotra. Hoy Andriamanitra hoe, "Manana lalàna iray Aho; ny Havana Mahavotra iray dia afaka—afaka ny ho mpisolo iray. Aiza io Havana Mahavotra io? Iza no mahay mandray an'Izany?"

160 Ary avy tamin'i Adama izany, nandalo teo amin'ireo apostoly rehetra, sy mpaminany, ary ny zavatra hafa rehetra, fa tsy nisy olona hita. Ankehitriny, ahoana ny amin'izany? "Tsy nisy olona tany An-danitra, tsy nisy olona teto an-tany, tsy nisy olona izay hany velona." Nitsangana teo i Elia. Nitsangana teo i Mosesy. Nitsangana teo ireo apostoly rehetra, na—na ireo olona rehetra

izay efa maty; ireo olona masina rehetra, Joba, ireo olon-kendry. Nitsangana teo ny tsirairay avy, fa tsy nisy olona mendrika ny hijery an'ilay Boky akory aza, na dia handray Azy sy hamaha an'ireo Tombokase aza.

161 Ankehitriny aiza no idiran'ilay papa sy izy rehetra ireo? Aiza ny evekanareo? Ary ny fahamendrehantsika? Tsinontsinona isika. Marina izany.

162 Nangatahiny mba handroso ilay Havana Mahavotra, raha afaka Izy. Fa hoy i Jaona hoe, "Tsy nisy olona mendrika."

163 Tsy hoe tsy nisy olona mendrika teo, ankehitriny, tahaka ny Anjely iray; tahaka an'i, ohatra, hataontsika hoe, Gabriela, na Mikaela. Fa, tsarovy, tsy maintsy ho Havana iray ilay izy. Tsarovy, nilaza i Jaona eto hoe, "Ary tsy nisy o-l-o-n-a," fa tsy hoe Anjely, tsy Serafima. Izy ireo dia tsy nanota, saingy tao anatin'ny ambaratonga iray hafa Izy ireo. Tsy lavo mihitsy Izy ireo.

164 Fa ity dia tsy maintsy ho Havana Mahavotra iray. "Tsy nisy olona," satria tsy nisy iray tamin'izy ireo voaavotra. "Tsy nisy olona mendrika ny hijery Azy." Oh, tsia! Oadray, oadray! Noho izany, Havana olombelona iray no nilain'izany. Ary nangataka an'izany izy, fa tsy hita Izy, na taiza na taiza. Tsy nisy olona teo. Tsy nisy eveka, tsy nisy arseveka, tsy nisy pretra, tsy nisy laharam-boninahitra, tsy nisy na inona na inona izay mba . . . tsy nanana fahamasinana betsaka akory aza na dia hijery an'ilay Boky aza. Fioo! Oadray, oadray! Somary mafy izany, saingy izany no nolazain'ny Baiboly. Manonona fotsiny an'izay nolazain'i Jaona aho.

Nilaza ny Baiboly fa i Jaona dia "nitomany."

165 Tsy tahaka ny nampianaran'ny olona sasany azy. Nandre lehilahy iray aho nampianatra an'io indray andro, nanao hoe, "Nitomany i Jaona satria nahita ny tenany tsy mendrika izy." Oh! Ny olona rehetra eo ambanin'ny Fanahy Masina dia hahafantatra hafa noho izany, hitanareo; eo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, dia hahafantatra hafa noho izany.

166 Fa, Jaona dia "nitomany." Ity no heveriko fa nitomaniany. Satria, raha tsy misy anankiray mendrika ka afaka hanokatra an'ity Bokin'ny Fanavotana ity, dia very ny famoronana manontolo.

167 *Ity* ilay Boky, *ity* no filazam-pananana, ary hatolotra an'ilay Havana Mahavotra izay afaka mahatanteraka an'ireo fepetra Izany. Izany no lalàn'Andriamanitra Manokana, ary tsy afaka mandoto ny Lalàny Izy, tsy afaka manohitra ny Lalàny, raha ny marina. Hitanareo? Nitaky Havana Mahavotra iray Izay mendrika Andriamanitra, Izay mahay manao an'izany, Izay nanana ny ilaina hanaovana an'izany.

168 Ary hoy ilay Anjely hoe, "Aoka handroso io Havana Mahavotra io."

169 Dia nijery i Jaona. Nijery nanerana ny tany rehetra izy. Nijery ny tany ambanin'ny tany izy. Fa tsy nisy olona teo. Teo, dia very ny famoronana sy ny zavatra hafa rehetra. Mazava ho azy, fa nitomany i Jaona. Very ny zavatra rehetra.

170 Tsy naharitra afa-tsy iray minitra fotsiny ny tomaniny, na izany aza. Avy eo dia nitsangana ny anankiray tamin'ireo loholona, nanao hoe, "Aza mitomany, ry Jaona." Oh, oadray! Tsy naharitra afa-tsy iray minitra fotsiny ny tomaniny.

171 Nieritreritra i Jaona hoe, "Oh, oadray, aiza ilay Lehilahy? Mitsangana eo ireo mpaminany; nateraka tahaka ahy izy ireo. Mitsangana eo ireo olon-kendry. Mitsangana eo . . . Oh, tsy misy olona ve eto?"

172 "Mila Lehilahy iray aho mahay manao an'ilay izy. Mila Lehilahy iray aho izay afaka manavotra."

173 Fa tsy hita izy, noho izany dia torotoro i Jaona. Oh, very ny zavatra rehetra; ka nitomany mafy izy. Ary izy—nalahelo izy, satria ny zavatra rehetra, ny famoronana manontolo, ny zavatra rehetra dia vita, raha tsy afaka mahita olona iray izy ireo. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Raha tsy afaka nahita olona iray izay afaka mahatanteraka an'ireo fitakiana ireo izy ireo, teo . . . ny olombelona rehetra, sy izao tontolo rehetra izao ary ny famoronana, dia vita. Oh, ny zavatra rehetra dia lavo. Ireo—ireo—ireo zòn'ny fanavotana, ireo zòn'ny—ny Fiainana Mandrakizay, ny Hazavana, ireo zò rehetra ireo dia efa very, ary tsy nisy olona afaka nandoa ny vidiny. Dia manomboka mitomany i Jaona, satria tsy nisy anankiray mendrika, ary tsy nisy anankiray afaka nijery an'ilay Boky akory aza. Oh, nila olombelona iray izany. Nitomany i Jaona, satria tsy nisy anankiray afaka nanao an'izany, ka very ny zavatra rehetra.

174 Ary indro tonga ny feo iray avy tamin'ny anankiray tamin'ireo loholona, nitsangana teo afovoan'ireo Zavamanan'aina efatra sy ireo tafika lehibe an'ny Lanitra rehetra, nanao hoe, "Aza mitomany, ry Jaona." Oh, oadray!

175 [Mitehaka ny tànany miaraka indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Ny fahasoavan'Andriamanitra!

176 "Aza torotoro fo, ry Jaona. Aza mitomany. Fa ny Lionan'ny fokon'i Joda, ilay Faka sy Solofo avy amin'i Davida, Izy no nandresy."

177 *Mandresy* dia midika hoe "mifampitolona amin'ny, ka mandresy." Oh, oadray! Ilay sahan'i Getsemane, rehefa niraraka avy teo amin'ny Tavany ny Rà, dia nandresy Izy. Hitanareo? Fioo! Hitanareo?

178 "Ny Liona, sy ny Fakan'i Davida, no nandresy, efa nandresy."

179 Tahaka an'i Jakoba, izay mpamingana. Ary rehefa niditra tao amin'ny fifandraisana tamin'ilay Anjely izy, dia nifikitra. Ary niezaka ny nanifika ilay Anjely. Hoy izy hoe, "Izaho—tsy hamela Anao handeha fotsiny aho." Nifikitra izy mandrapahazoany an'izay nilainy. Ary novaina ny anarany, avy tamin'ny *mpamingana*, izay midika hoe "mpamitaka." Ho inona? Ho "andriana iray miaraka amin'Andriamanitra," *Isiraely*. Nandresy Izy.

180 Ary ity Lionan'ny fokon'i Joda ity no nandresy. Hoy izy hoe, "Aza mitomany, ry Jaona. Fa ny Lionan'ny fokon'i Joda, ny Fakan'i Davida, no nandresy. Efa nandresy Izy. Izy no nahavita an'izany. Tapitra ilay izy, ry Jaona." Fioo! Oh, oh, oadray! Izy no namokatra fanalana tasy iray izay mandefa ny fahotana hiverina any amin'ireo tànana feno menaka izay ny . . . niaraka tamin'ny fahendreny, izay nandoto an'izany, ny olombelona. Eny.

181 Fa rehefa nitodika i Jaona mba hijery, dia nahita Zanak'ondry iray izy. Fahasamihafana iray toy ny inona amin'ny Liona iray! Hoy Izy hoe, "Ny Liona no nandresy." Hitanareo, indray, afaka mampiasa an'izany aho eo, Andriamanitra miafina ao anatin'ny fahatsorana. Hoy Izy hoe, "Misy Liona iray eo." Izany no mpanjakan'ny biby. "Ny Liona no nandresy." Ny zavatra matanjaka indrindra izay misy dia liona iray.

182 Nandry tany amin'ireo ala mikitroka aho tany Afrika, ary nandre an'ireo—ireo zirafy nidridrodridro. Ary—ary ilay elefanta lehibe, mahery, miaraka amin'ny orony lavabe eny amin'ny rivotra, "Ooii, ooii, ooii." Ary nandre an'ireo—ireo—ireo biby masiaka an'ny tany efitra mihiakiaka amin'ny antsony manapadàlan-drà, mampitahotra. Ary ireo—ireo angelikary, hany ka . . . Ary nitsilailay teo amin'ny toerana tranainy kely iray rakotra rantsan-kazo izaho sy Billy Paul. Ary nandre, avy tany amin'ny halavirana iray, liona iray mierona, ka nangina ny zavatra rehetra tao amin'ilay tany efitra. Na dia ireo angelikary aza dia nijanona tsy nihorakoraka. Miteny ny mpanjaka. Oh, oh, oh, oh, oadray!

183 Teneniko aminareo, izany rehefa lavo amin'ny tany ireo anaram-piangonana sy ireo fisalasalana. Mangina ny zavatra rehetra rehefa miteny ny Mpanjaka. Ary *Ity* no Mpanjaka, izany No Teniny. Oh!

184 Hoy Izy hoe, "Jaona, aza manahy. Aza mitomany. Aza torotoro, ry Jaona. Mitondra anao eto Aho ao amin'ny fahitana; haneho zavatra iray aminao Aho. Ary Fantatro fa torotoro tanteraka ianao, satria, fantatrao, fa tsy misy na inona na inona ho voaavotra, vita ny zavatra rehetra; tsy misy olona afaka manatanteraka an'ilay fitakiana. Fa ny Lionan'ny fokon'i Joda . . ."

185 Fantatrareo, ny an'i Joda . . . Nanana an'izany isika, ary teto amin'ny solaitrabe izany, fantatrareo. Ny an'ny fokon'i Joda, ny marika, dia liona iray.

186 Tsarovy, ilay liona, sy ilay—sy ilay omby, ary ny . . . sy ny sisa, ilay lohan'olona, sy ny sisa. Ary izy ireo dia niambina, ireo Serafima ireo, an'io Teny io; raha ny rehetra, Marka, Matio, Lioka, ary Jaona, ny rehetra dia nitsangana nanodidina ny Bokin'ny Asa.

187 Ary nandre lehilahy iray aho nilaza, mpitoriteny malaza iray, nanao hoe, "Ny Bokin'ny Asa dia hazo arafitra fanaovan-trano fotsiny."

188 Izany no Voaloboka voalohany izay hany novokarin'ilay Fiangonana masina. Ah-hah! Eny, tompoko. Ary raha mba hamokatra anankiray hafa Izy, izany dia ho io karazany io, ihany koa. Eny, tompoko! Manana voaloboka sasantsasany natao grefy ianareo, ka mitondra voasary makirana izy ireo. Tokony ho voasary izany. Saingy . . . Hitanareo? Rehefa io Voaloboka io—io Voaloboka io no mba hamokatra ny Sampany indray, dia tena hitovy marina tokoa tahaka an'ilay tany am-boalohany Izany.

189 Ary Matio, Marka, Lioka, ary Jaona, ireo Filazantsara ireo dia mitsangana eo miambina an'Izany. Ny fahendren'ny olona; ny herin'ny liona; ny asan'ny omby; ary ny hakingan'ny leoparda . . . na ny voromahery, raha ny marina. Eny, mitsangana eo ireo Filazantsara! Inona? Tsaroanareo ve hoe oviana no nahazoantsika an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany dia tao amin'ireo *Taona Fiton'Ny Fiangonana*.

Ankehitriny dia hoy izy hoe, "Ny Lionan'ny fokon'i Joda."

190 Nahoana no avy ao amin'i Joda? "O ry Joda, tsy hiala eo anoloany ny mpanome lalàna iray, eo anelanelan'ny lohaliny, mandra-pahatongan'i Silo. Fa hivoaka avy ao Joda Izy."

191 "Ary ny Liona, ilay mari-pamantarana ny fokon'i Joda, no nandresy. Efa nandresy Izy."

192 Ary rehefa nijery manodidina izy mba hahita hoe aiza io Liona io, dia nahita Zanak'ondry iray izy. Hafahafa, mitady Liona iray nefa mahita Zanak'ondry iray. Ilay loholona dia niantso Azy hoe Liona iray. Fa rehefa nijery i Jaona, dia nahita Zanak'ondry iray izy, "Zanak'ondry iray toy ny efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izany." Zanak'ondry iray efa voavono. Inona izany? Inona io Zanak'ondry io? Nandeha rà Izany, naratra. "Zanak'ondry iray izay efa voavono, saingy velona indray." Ary nandeha rà Izy. Oh, oadray!

Ahoana no ahafahanareo mijery an'Izany, ry havana, nefa mbola mijanona ho mpanota iray?

193 Nandroso ny Zanak'ondry iray. Hoy ilay loholona hoe, "Nandresy ny Liona iray, ny Lionan'ny fokon'i Joda." Dia nijery

i Jaona mba hahita an'ilay Liona, ka indro Zanak'ondry iray no tonga, nangovitra, Rà no teo Aminy, ratra. Nandresy Izy. Afaka miteny ianareo fa efa tao amin'ny ady Izy. Voavono Izy, saingy velona indray Izy.

194 Tsy nahamarika an'ity Zanak'ondry ity i Jaona tany aloha, fantatrareo, eto. Tsy voalaza Izy tany aloha. Tsy voalaza na taiza na taiza Izy. Tsy nahita Azy i Jaona, nanerana ny Lanitra rehetra, raha nijery izy. Nefa indro Izy mandroso.

195 Mariho hoe avy taiza Izy. Avy taiza Izy? Avy teo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray Izy, izay efa Nipetrahany hatramin'ny namonoana Azy ary nitsangana indray. "Nitsangana Izy ary nipetraka teo an-tànana ankavanan'Andriamanitra, velona mandrakizay mba hanao fanelanelanana." Amena. Nakarina teo, amin'izao andro izao, ho Mpanelanelana iray, miaraka amin'Ny Ràny Manokana, mba hanao fanelanelanana eo amin'ny tsy fahalalan'ny olona. Ankehitriny, izany ilay Anankiray izay iankinako. Mbola voarakotra amin'ny fanalana tasy foana Izy, ilay fanalana tasin'ny famelàna fahotana.

196 Nijery an'io Zanak'ondry io i Jaona, ary ilay Zanak'ondry dia tahaka ny efa voavono Izy. Ary avy eo dia nahamarika izy fa naratra Izy, sy voakapa, sy notorotoroina, ary nivoa-drà. Zanak'ondry iray nandeha rà, izany no naka ny toerantsika. Tsy hafahafa ve izany, Zanak'ondry tsotra iray no tsy maintsy naka ny toerantsika? Ary nahita an'ilay Zanak'ondry izy. Nivoaka Izy.

197 Tsy nahita Azy i Jaona, satria efa tany amin'ireo Mandrakizay tany aoriana tany Izy, nanao fanelanelanana mihitsy aza; ary naneho fa ireo izay nanatona an'Andriamanitra, teo ambanin'ny fanatitra ràn'ombilahy, sy osilahy, fanatitra mpisolo iray, dia Izy ihany koa . . . Satria, ireo izay nino an'izany, dia nanondro Azy. Ary tsy mbola nararaka ilay Rà, noho izany dia teo Izy hanadio azy ireo. Teo Izy hanadio ahy sy ianareo.

198 Ary, O Andriamanitra, manantena aho fa eo Izy izao hariva izao. Ho an'ny mpanota tsirairay, no namonoana ny Zanak'ondry. Ahoana no ahafahan'i Jehovah hijery zavatra iray afa-tsy io Zanak'ondry mandeha rà mitsangana eo io!

199 Ary mivoaka ilay Zanak'ondry avy tao amin'ilay fahitana ankehitriny, toy ny efa voavono Izy. Mariho, avy teo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray. Oh, eritrereto! Izy, avy taiza Izy no nanatona, tamin'io fahitana io? Avy tany amin'ny Voninahitra Izy, izay Ipetrahany eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra. Nandroso Izy, nankeo amin'i Jaona, avy tany amin'ny Voninahitra.

200 Oh, tsy ho zavatra iray be voninahitra ve raha ireo fisainantsika mpanota, izao hariva izao, no afaka ho esorina ela be mba hanaiky Azy, ka handroso Izy avy any amin'ny Voninahitra any, izao hariva izao, mba hampahafantatra ny Tenany amin'ny tsirairay aminareo!

201 Mandroso avy tany amin'ny Voninahitra ilay Zanak'ondry, ho an'ny fanelanelanana, eny àry, mba hanao fitakiana ho an'ny Fanavotany ankehitriny! Tsarovy, efa teo amin'ny Asampanelanelanany Izy *eto*. Fa, tsarovy, ireto Tombokase ireto dia efa vonona ny hosokafana, ka tonga avy tamin'ny toeramasin'Andriamanitra ilay Zanak'ondry, mandroso manatona.

202 Miandrasa mandra-pahatongantsika eo, io ora iray io, handray an'ilay "antsasaky ny ora" hoe fahanginana Izany. Manetroka ilay toera-masina. Tsy misy fanelanelanana intsony. Lasa ilay Fanatitra. Izany no Seza Fitsarana. Tsy misy Rà intsony eo amboniny, satria lasa ilay Ràn'ny Zanak'ondry nandrakotra. Aza miandry mandra-pahatongan'io fotoana io. Tsaroanareo ve ao amin'ny Testamenta Taloha? Raha mbola niala teo amin'ny sezan'ny famindrampo foana ny rà, dia fitsarana izany; fa raha mbola teo foana ny rà, dia nisy famindrampo teo. [Mandondòna indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Fa rehefa lasa ilay Zanak'ondry, dia izany no nataon'io!

203 Efa inona Izy? Efa Mpanelanelana iray Izy. Tsy misy olona hafa! Teneno amiko hoe aiza no ahafahan'i Maria manao fanelanelanana arak'izany. Inona no azon'i Maria hatolotra? Inona no azon'i Masindahy Francis, Masimbavy Assise, na iza, sy Masimbavy Cecilia, raha ny marina, na olombelona hafa iza? Tsy nahita olo-masina arivo mihitsy i Jaona nivoaka avy tao amin'ilay toeram-panelanelanana. "Nahita Zanak'ondry iray izy, Zanak'ondry iray izay efa voavono, nandeha rà." Tsy ahoako na olo-masina firy no efa voavono; mendrika an'izany izy rehetra, ny tsirairay avy amin'izy ireo. Tahaka ny nolazain'ilay mpangalatra teo amin'ny hazo fijaliana hoe, "Nanota isika, ary mendrika antsika izao. Fa ity Lehilahy ity dia tsy nanao na inona na inona." Izy no Lehilahy tokana izay mendrika.

204 Indro tonga Izy, avy teo amin'ilay toeran'ny fanelanelanana. Ho an'ny inona no Ahatongavany ankehitriny? Diniho Izy! Oh, oh, oh, oadray! [Mitehaka ny tànany miaraka intelo Rahalahy Branham—Mpand.]

205 Nitomany i Jaona. Aiza io rehetra—io rehetra io? Inona no hitranga?

206 Hoy izy, "Aza mitomany, ry Jaona," hoy ilay loholona. "Indro tonga ny Liona. Izy no Anankiray nandresy." Rehefa nijery izy, dia indro tonga ny Zanak'ondry iray, nandeha rà, izay efa voavono.

207 Ny zavatra rehetra izay vonoina dia mandeha rà. Fantatrareo, efa novonoina izany. Voatapaka nisokatra ny tendany, na zavatra iray. Nanerana azy manontolo ny rà.

208 Indro tonga ny Zanak'ondry iray, efa voavono. Ary nandroso Izy, oh, oadray, (inona?) mba hitaky ny Zòny eo amin'ny Fanavotany. Amena. Oh! Oh! Izaho. . . Tsy mahatsapa ho tehandeha etsy amin'ny zoron-trano ve ianareo, hipetraka ka

hitomany vetivety? Indro tonga ny Zanak'ondry iray, mbola mandeha rà foana. Jaona . . . Tsy nisy na inona na inona teo; nitsangana manodidina ireo manan-daza rehetra, saingy tsy nisy anankiray tamin'izy ireo afaka nanao an'izany. Noho izany, dia indro tonga ilay Zanak'ondry, ankehitriny. Tapitra ny andron'ny Fanelanelanany, ireo andron'ny fanaovam-panelanelanana.

209 Amin'izany no hijoroan'ity Anjely ity eo. Miandrasa mandra-pidirantsika ao amin'ireo Tombokase. "Ary tsy hisy andro intsony." Marina izany. Io "fahanginana antsasaky ny ora io." Diniho izay miseho ao amin'io fahanginana antsasaky ny ora io, rehefa amin'io Tombokase Fahafito io, amin'ny Alahady heriny hariva, raha sitraky ny Tompo.

210 Mandroso Izy (inona?) mba haka ny Zòny ankehitriny. Oh, oadray! Mandroso mba haka ny Zòny! Ankehitriny, efa nanao ny asan'ny Havana Izy. Efa nidina Izy, tonga Olona, maty. Nanao ny asam-panavotan'ny Havana Izy, saingy tsy mbola nitaky ny Zòny. Ankehitriny dia tonga eo amin'ny sehatra Izy mba hitaky ny Zòny, (diniho hoe inona no miseho) oh, oadray, ho an'izay namonoana Azy, satria tonga Havana iray ho an'ny olona, mba ho faty eo amin'ny toerany, mba hanavotra azy. Fa, marina ny an'ilay loholona rehefa nilaza izy fa Izy dia "Liona" iray, hitanareo. Niantso Azy ilay loholona, nanao hoe, "Liona" iray. Satria, efa Zanak'ondry iray Izy, Mpanelanelana iray, Zanak'ondry iray mandeha rà, saingy ankehitriny Izy dia mandroso amin'ny maha-Liona iray. Tapitra ireo andron'ny Fanelanelanany.

211 "Aoka izay maloto mbola haloto foana. Aoka izay marina mbola ho marina foana. Aoka izay masina mbola ho masina foana." Mikatona ilay zavatra. Oh, rahalahy! Avy eo dia inona? Avy eo dia inona?

212 Ary, tsarovy, tonga ao amin'ny taom-piangonana fahafito izany, rehefa hisokatra ireo zava-miafin'Andriamanitra. Ankehitriny dia diniho tsara mihitsy. Zavatra iray izay tsy maintsy azonareo ity. Ankehitriny, efa nahavita ny Asam-panelanelanany Izy, nanao fanelanelanana ho an'ny mpino. Nandritry ny roa arivo taona no naha-teo Azy, Zanak'ondry iray. Ankehitriny dia mandroso Izy avy tany amin'ny Mandrakizay, mba handray an'ilay Bokin'ny filazam-pananana, sy hamaha an'ireo Tombokase, ary hanambara an'ireo zava-miafina. Oviana izany? Amin'ny andro farany.

213 Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry, handroso isika raha izany.

214 Ankehitriny, mamaha an'ireo Tombokase sy mamoaka an'ireo zava-miafina rehetra amin'ireo, amin'ilay anjely fahafito, ka ny Hafatra dia ny hanambara an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra. Mipetraka ao anatin'ireto Tombokase Fito ireto ireo zava-miafin'Andriamanitra.

Hitanareo? Izany no Nolazainy eto. Mipetraka ao anatin'ireto Tombokase Fito ireto ireo zava-miafina rehetra.

215 Ary mandroso ilay Zanak'ondry ankehitriny, rehefa avy Mpanelanelana iray teo amin'Andriamanitra sy ny olona. Lasa Liona iray Izy. Ary rehefa lasa Liona iray Izy, dia mandray ny Boky Izy. Ireo Zòny izany. Andriamanitra no nihazona an'Izany, ilay zava-miafina, saingy tonga ankehitriny ilay Zanak'ondry.

216 Tsy nisy olona afaka nandray ny Boky. Mbola eo an-tànan'Andriamanitra foana Izany. Tsy misy papa, pretra, na mety ho inona, izy ireo dia tsy afaka mandray (tsia) ny Boky. Tsy voambara ireo Tombokase Fito. Hitanareo?

217 Fa rehefa, ilay Mpanelanelana, rehefa vita ny Asany amin'ny maha-Mpanelanelana iray, dia mandroso Izy. Ary i Jaona... Hoy ilay loholona hoe, "Liona iray Izy." Ary mandroso Izy. Diniho Izy. Oh, oadray! Hitanareo? Mandroso Izy mba handray ny Boky, diniho ankehitriny, mba hanambara an'ireo zava-miafin'Andriamanitra, izay novinavinain'ireo hafa, tao amin'ireto taona ara-anaram-piangonana rehetra ireto.

218 Hitanareo, noho izany, ilay anjely fahafito. Raha ity Boky ity, ireo zava-miafina, no Tenin'Andriamanitra, dia tokony ho mpaminany iray ilay anjely fahafito, mba hahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy misy pretra, papa, na inona na inona hafa, afaka mahazo Azy; tsy tonga tamin'ireo ny Teny. Ny Tenin'Andriamanitra dia tonga amin'ny mpaminany iray irery ihany, isan'andro. Malakia 4 no nampanantena an'izany. Ary rehefa mandroso izy, dia izy no haka an'ireo zava-miafin'Andriamanitra, izay nampisavorovoro tanteraka ny fiangonana tao amin'ireto anaram-piangonana rehetra ireto, "Ary hamerina ny Finoan'ireo zanaka amin'ireo ray." Ary avy eo dia hamely ny fitsarana an'izao tontolo izao, ka hodorana ny tany. Ary avy eo ny marina dia hanitsaka ny lavenon'ny ratsy fanahy, ao amin'ny Arivo taona.

219 Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

220 Ny hafa dia naminavina, tao amin'ny taona ara-anaram-piangonana. Fa, hitanareo, tsy maintsy ho io lehilahy io izy, ilay anjely fahafiton'ny... Apokalypsy 10:1-4 dia ny... Ilay anjely fahafito no manana an'ireo zava-miafin'Andriamanitra izay nomena azy, ary mamarana an'ireo zava-miafina rehetra izay navela nihantona, nanerana an'ireo taona ara-anaram-piangonana.

221 Ankehitriny dia afaka mahita ianareo hoe nahoana aho no tsy mamely an'ireo rahalahiko ao amin'ny anaram-piangonana. Ilay izy dia ny rafitry ny anaram-piangonana! Izy ireo tsy, tsy ilaina ny hiezahan'izy ireo hahafantatra an'Izany, satria tsy nety ho voambara Izany. Izany dia araka ny Teny. Nanombatombana an'Izany izy ireo, ary nino fa teo Izany, ary nandeha tamin'ny

alàlan'Izany tamin'ny finoana, saingy ankehitriny dia voaporofo miharihary Izany. Amena. Oh, oadray, inona ny—Soratra iray toy ny inona!

222 Diniho ankehitriny. Noho izany dia Izy, ilay Zanak'ondry, no mandray ny Toerany maha-Mpanjaka, rehefa tonga hampisalotra Azy ireo Masiny hoe, "Tompon'ny tompo, sy Mpanjakan'ny mpanjaka." Hitanareo?

223 Hitanareo, "Tapitra ny fotoana." Apokalypsy 10:6, "Tsy misy andro intsony."

224 Mariho, misy "tandroka fito" eo amin'ity Zanak'ondry ity. Efa voamarikareo ve izany? "Manana tandroka fito." Vao avy nandalovantsika izany. *Tandroka* dia midika hoe "hery," amin'ny biby. Ary, mariho, tsy biby iray Izy, satria nandray ny Boky avy teo an-tànana ankavanan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana Izy. Hitanareo? Mariho. Oh, oadray!

225 Mino aho fa nanana an'izany voasoratra aho any ho any; oh, mamaha an'ireo Tombokase, sy mamoaka an'ilay filazana, ilay filazam-pananana, ary ny—ny Hafatra amin'ilay anjely farany. Ary mandray ny Toerany maha-Mpanjaka Izy. Izany no Androsoany mba hatao ankehitriny.

Diniho ankehitriny, rehefa mivoaka Izy, "Ireo tandroka fito."

226 Ankehitriny, rehefa hitany ity Zanak'ondry ity, nijery Azy i Jaona, Izany—Izany dia toy ny hoe efa voavono Izy, nandeha rà. Ary tonga avy tany amin'ny Mandrakizay Izy, ary nitsahatra tsy ho Mpanelanelana iray Izy.

227 Noho izany dia mivavaha betsaka amin'i Maria arak'izay tianareo! "Tsy nisy olona tany An-danitra, sy teto an-tany, na tsy nisy olona, tsy nisy zava-manan'aina hafa na taiza na taiza, afaka nandray an'izany." Nitomany mihitsy aza i Jaona mikasika an'izany. Oh, ry sakaiza Katolika, tsy afaka mahita an'izany ve ianareo? Aza mivavaka amin'ny olona maty iray.

228 Ny Zanak'ondry no Mpanelanelana tokana. Hitanareo? Izy no Anankiray izay nandroso. Ary inona no Nataony ankehitriny? Teto aoriana teto Izy nanelanelana, mandra-pahatongan'Ny Ràny nanao fanavotana ho an'ny olona tsirairay. Ary ny Zanak'ondry, ankehitriny, dia mahafantatra an'izay voasoratra tao amin'ilay Boky. Noho izany, dia Fantany hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao fa Tao anatiny tao ny anaran'izy ireo, noho izany dia nitsangana teto aoriana teto Izy ary ha-. . . ary—ary, fa, nanao ny asan'ny Mpanelanelana tahaka an'izany mandra-paha . . . asam-panelanelanana, mandra-pahavotry ny tsirairay avy izay voapetraka tao anatin'ilay Boky, ary nifarana izany. Ary mivoaka Izy ankehitriny. Hitanareo? Nanao ny asan'Ny Havany Izy. Izy no rehetra . . . Fantatrareo ve hoe inona no asan'ilay Havana? Mba hijoro vavolombelona eo anatrehan'ireo loholona. Tsaroanareo ve i Boaza izay nanaisotra

ny kirarony, sy ny sisa? Izy no nanao an'izany rehetra izany ankehitriny.

229 Ankehitriny dia tonga Izy haka Ny Ampakariny. Amena. Tonga Izy ankehitriny amin'ny maha-Mpanjaka. Mitady Ny Mpanjakavaviny Izy. Amena. Amena. Ao anatin'ity Boky ity no misy ny tsiambaratelon'Izany manontolo, voahorona manodidina, ireo Tombokase Fito. Oh, rahalahy! Ireo Tombokase Fito, eo am-piandrasana Azy ho tonga. Mariho.

230 Ndao isika haka an'ireto mari-pamantarana ireto. Eny, vao amin'ny sivy ora izao. Manana adiny telo na mihoatra isika, handehanana. Isika dia manana . . . ndao fotsiny isika . . . Satana dia manohy miteny amiko fa miha-reraka ny olona, noho izany dia ataoko fa izany izy ireo. Fa ndao—ndao isika haka an'ity, na ahoana na ahoana.

231 "Tandroka fito" dia ireo fiangonana fito, hitanareo, ireo taona fiton'ny fiangonana, satria izany no fiarovan'ny Zanak'ondry. Ny Niarovany ny Zòny, teto an-tany, dia Vondron'olona iray nirahin'Andriamanitra izay niaro; hitanareo, ny tandrok'ilay Zanak'ondry.

232 "Maso fito" dia ireo iraka fiton'ireo taona fiton'ny fiangonana. "Maso fito," mpahita fito.

233 Te-handray naoty Soratra sasantsasany ve ianareo? Ndao isika hamadika ao amin'izany fotsiny. Ahoana hoy ianareo, manana an'izany fotoana betsaka izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Ndao isika handeha ao amin'i Zakaria, ny Bokin'i—i Zakaria, kely fotsiny, ary isika dia—hamaky ny sasany amin'ity isika.

234 Izaho—tsy te-hitazona anareo ela loatra eo amin'ireto zavatra ireto aho. Ary—ary izaho . . . Fa, kanefa, tsy tiako ho diso an'izany ianareo. Inona no zava-dehibe noho ity? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hia. Inona no mihoatra . . . [Hoy ny olona iray tao amin'ny fiangonana hoe, "Rahalahy Branham?"] Inona? ["Tsy voarefinao izany."] Tsy misy na inona na inona zava-dehibe noho ny Fiainana Mandrakizay amin'ny olona iray. Ary isika dia tsy maintsy—isika dia tsy maintsy mahazo an'ity ankehitriny, ary—ary manana antoka fa azontsika izany. Eny àry. Eny àry, tompoko.

235 Ary ankehitriny dia te-hamaky ny Zakaria isika ny toko faha-3. Ary heveriko fa marina izany, ankehitriny, Zakaria 3. Hijery an'ireto mari-pamantarana eto ireto fotsiny isika, raha voaraiko naoty ireo Soratro. Nihiakiaka nanerana ny toerana rehetra fotsiny aho, tamin'ity tolakandro ity, rehefa hitako ity. Noho izany aho—tsy fantatro fotsiny na ananako tsara ilay izy, na tsia. Manantena aho fa manana. Zakaria 3, ndao jerentsika raha izany no . . . Manana 89 aho eto, saingy tsy maintsy ho 8 hatramin'ny 9 izany. Eny àry. Eny àry. Fantatro fa tsy mety ho 89 izany. Zakaria 3:8 sy 9.

> *Mihainoa ankehitriny, O ry Josoa mpisoronabe, ianao, ary ireo namanao izay mipetraka miaraka aminao: fa olona atao fahagagana ireo: fa, indro, ho entiko ny mpanompoko RANTSANA* (Kristy).
>
> *Fa indro ny vato izay* hapetrako *eo anoloan'i Josoa; eo ambonin'ny* (vato) *vato anankiray dia hisy maso fito:* (maso fito), *indro, hosoratako ny sorany, hoy ny* T*OMPON'ny maro, . . . hesoriko ao anatin'ny indray andro ny heloky ny tany.*

236 Ndao isika ankehitriny hamadika ao amin'ny Zakaria 4:10, 4:10. Henoy.

> . . . *izay nanamavo ny andron'ny zava-madinika* (Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana, hitanareo)? *fa ho faly izy ireo, ary . . . mahita ny pilao eny an*-tànan'*i Zerobabela miaraka amin'*ireo . . . *miaraka amin'ireo fito ireo;* ireo *dia ny mason'ny* T*OMPO, izay mivezivezy manerana ny tany manontolo*.

237 "Ireo maso fito." *Maso* dia midika hoe "fahitana." *Fahitana* dia midika hoe "mpaminany, mpahita." Nanana tandroka fito ity Zanak'ondry ity, ary teo amin'ny tandroka tsirairay dia nanana maso iray, "maso fito." Inona izany? Kristy sy Ny Ampakariny; taona fiton'ny fiangonana. Avy tao no nisy mpaminany fito izay nivoaka, mpahita fito, maso. Noho izany, ilay anankiray farany dia tsy maintsy mpahita iray. [Nandondòna indroa ny polipitra Rahalahy Branham raha nilaza izy hoe, "mpahita iray."—Mpand.] Eny àry.

238 Mariho, tsy biby iray Izy. "Nandray ny Boky avy teny an-tànana ankavanan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana Izy." Iza Izany? Ilay—ilay Tompony, ilay Tompony tany am-boalohany, izay nanana ny Bokin'ny Fanavotana teny an-Tànany ankavanana. Ary tsy nisy Anjely, tsy nisy Vatan'Anjely, na inona na inona hafa, afaka naka an'ilay toerana. "Ary nivoaka ity Zanak'ondry nandeha rà ity ka nandray ny Boky avy teny an-Tànany." Fioo! Inona izany? Rahalahy, ity no zavatra ambony indrindra ao amin'ny Soratra. Hetsika iray izay tsy Anjely iray, tsy inona na inona, no afaka nanao azy. "Ary tonga ny Zanak'ondry ka nandray an'Izany avy teo an-tànana ankavanan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana."

239 Inona izany? An'ny Zanak'ondry Izany ankehitriny. Amena. Nitaky ireo lalàn'Andriamanitra. Izy no Anankiray izay mihazona an'Izany. Nitaky Havana Mahavotra iray ny lalàn'Andriamanitra. Dia nivoaka ny Zanak'ondry, nihazona an'Izany hoe, "Izaho no Havan'izy ireo. Izaho no Mpanavotr'izy ireo. Izaho ankehitriny . . . Efa nanao fanelanelanana ho azy ireo Aho, ary ankehitriny dia tonga Aho hitaky ny zòny ho azy ireo." Amena. Anankiray ihany no misy. "Tonga Aho hitaky ny zòn'izy ireo. Ao amin'izany, dia manana zò iray amin'ny zavatra rehetra

izay very tao amin'ny fahalavoana izy ireo, ary efa Naloako ny vidiny."

240 Oh, rahalahy! Fioo! Tsy manao anareo hahatsapa ho mpivavaka ve izany ao anaty? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Tsy noho ireo asa tsara izay nataontsika, fa nohon'ny Famindrampony."

241 Oh, andraso iray minitra! Ary nanomboka nanipy satroboninahitra ireo loholona sy ny zavatra hafa ireo, ary nanomboka niankohoka tamin'ny tany ireo manan-daza, hitanareo.

Tsy nisy anankiray, tsy nisy anankiray afaka nanao an'izany.

242 Ary mandroso avy hatrany mankeo amin'ny tànana ankavanan'Andriamanitra Izy, ka nandray ny Boky avy teo an-Tànany, ka nitaky ny Zòny. "Maty ho azy ireo Aho. Izaho no Havana Mahavotr'izy ireo. Izaho izany. Izaho no Mpanelanelana. Nararaka Ny Ràko. Tonga Olona Aho. Ary Nataoko izao mba hahazo an'io Fiangonana io indray, ilay Anankiray izay efa Hitako mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Izaho no nikasa an'Izany. Izaho no niteny an'Izany, ho eo Izany. Ary tsy nisy olona nahay naka an'Izany, fa nidina Aho ka nanao an'ilay izy, ny Tenako. Izaho no Havan'izy ireo. Lasa havana Aho." Dia mandray ny Boky Izy. Amena!

243 Oh, Iza no miandry ahy Any izao hariva izao? Iza io Anankiray io, ry fiangonana, izay miandry Any? Hafa iza no afaka miandry anareo Any? Io Havana Mahavotra io! Oh, oadray! Filazana ambony indrindra toy ny inona, na hetsika!

244 Ankehitriny dia Izy no manana an'ilay filazam-pananana ho an'ny fanavotana. Izy no manana an'Izany eny an-Tànany. Vita ny fanelanelanana ankehitriny. Izy no manana an'Izany eny an-Tànany. Tsarovy, efa teny an-tànan'Andriamanitra Izany, hatramin'izay, fa ankehitriny dia eo an-tànan'ny Zanak'ondry Izany. Diniho ankehitriny. Ilay filazam-pananan'ny fanavotana, an'ny famoronana rehetra, dia eny an-Tànany. Ary tonga Izy hitaky an'Izany indray, ihany koa, ho an'ny taranak'olombelona. Tsy mitaky an'Izany indray ho an'ireo Anjely. Nitaky an'Izany ho an'ny olombelona, izay nomena Azy, mba hanao zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra indray; hitondra azy ireo hiverina any amin'ny sahan'i Edena, ny zavatra rehetra izay verin'izy ireo; ny famoronana manontolo, ireo hazo, ireo fiainam-biby, ny zavatra hafa rehetra. Oh, oadray!

245 Tsy manao anareo hahatsapa ho tsara ve izany? Fioo! [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nihevitra aho fa hoe reraka, saingy tsy reraka aho ankehitriny. Hitanareo? Matetika aho dia mihevitra fa izaho dia—niha-antitra loatra mba hitory teny, nefa avy eo aho dia mandeha mijery zavatra tahaka an'izao, ka mihevitra aho fa lehilahy tanora indray aho. Eny. Ah-hah. Ham! Izany dia manao zavatra iray ho anareo. Hitanareo?

246 Satria ity no fantatro, hoe misy Olona iray Any miandry ahy. Misy Olona iray nandoa ny vidiny izay tsy azoko naloa. Marina izany. Izy no nanao an'izany ho ahy, ry Charlie. Nanao an'izany ho anareo. Izy no nanao an'izany ho an'ny taranak'olombelona manontolo. Ary mandroso Izy ankehitriny hitaky an'ireo Zòmpanavotany. Mitaky an'izany ho an'iza? Tsy ho an'ny Tenany; ho antsika. Isan-tsika Izy. Havantsika Izy. Oh, oadray! Rahalahiko Izy. Mpamonjiko Izy. Andriamanitro Izy. Havako Mahavotra Izy. Ny rehetra Izy. Satria inona aho raha tsy nisy Azy, na mety ho inona aho raha tsy misy Azy? Noho izany, hitanareo, Izy no Rehetrako. Ary mitsangana Eo Izy amin'ny mahahavantsika. Ary ankehitriny dia efa nanelanelana ho antsika Izy, hatramin'ity fotoana ity. Ary ankehitriny dia mandroso Izy ka mandray ny Bokin'ny Fanavotana, hitaky an'ireo Zòny, noho izay Nataony ho antsika.

247 Maty izy ireo. Hoy Jesosy hoe, "Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona. Na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony. Izay mihinana ny Nofoko sy misotro Ny Ràko no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany."

248 Tsy mampaninona, matory izy ao amin'ny fiambenana voalohany, faharoa, fahatelo, fahefatra, fahadimy, fahenina, na fahafito, na aiza na aiza atoriany. Inona no hitranga? Ho tsofina ny trompetran'Andriamanitra. Haneno io trompetra farany io, amin'ny fotoana iray ihany izay hanomezan'ilay anjely farany ny Hafany ka misokatra ilay Tombokase farany. Hitsoka io trompetra farany io, ka handroso ilay Mpanavotra handray ny Fananany voaavotra, Ny Fiangonany, voasasan'ny Rà.

249 Ankehitriny, oh, mipetraka eo an-Tànany ankehitriny ny famoronana manontolo, ka ilay drafi-panavotana manontolo dia voaisin'ireo Tombokase fito mahagaga ireo tombokase, ao amin'ity Boky izay Nalainy ity. Diniho ankehitriny. "Ary Izy irery ihany no afaka manambara an'Izany amin'izay rehetra Tiany." Izy no manana an'Izany eny an-Tànany, hitanareo. Ankehitriny, nampanantena Izy fa ho amin'ny andro farany izany, ankehitriny, satria voaisy tombokase tamin'ireo Tombokase Fiton'ny zava-miafina Izany, ilay Bokin'ny Fanavotana. Diniho ankehitriny. Satria ankehitriny . . .

250 Ry sakaiza, niteny taminareo aho, fa hamela anareo hivoaka amin'ny valo sy sasany, fa namela pejy telo na efatra aho eto, mba ho tonga eo amin'ity. Noho izany dia tiako. . .Efa mihoatra ny amin'ny sivy sahady aho. Mba ahafahanareo miverina rahampitso.

251 Fa ankehitriny ao amin'ity Boky fiton'ny Tombokase ity, an'ny fanavotana, izay nalain'ny Zanak'ondry, ho an'ny Tenany, dia ilay Anankiray ihany No afaka nanao an'izany. Ary Nalainy avy teo an-tànana ankavanan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny

Seza fiandrianana Izany, ankehitriny, mba hitaky ny Navotany, hitaky an'ireo Zòny. Mba hitaky, ho ahy sy ianareo, avy amin'izay Nanavotany antsika, ho, hitanareo, hiverina amin'ny zavatra rehetra izay verin'i Adama tao amin'ny sahan'i Edena. Nanavotra antsika hiverina amin'izany Izy.

252 Ankehitriny miaraka amin'ilay Zanak'ondry, miaraka amin'ny Boky eny an-Tànany, dia vonona ny hangataka ny Fahasoavany sy ny famindrampony eo amintsika isika, mba hanokatra ny Bokin'ny Tombokase Fito amintsika, ary hamela antsika hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana, kely fotsiny. Oh, oadray! Mariho rehefa nandray ny Boky Izy, ilay filazam-pananana, voaisy tombokase, (ataovy ao an-tsainareo fotsiny izany ankehitriny), sy namaha an'ireo Tombokasen'ny zava-miafina, mba hanambara azy ireo, hitondra azy ireo ho an'ny Azy, hitanareo, ireo Olony navotana rehetra.

253 Ankehitriny, rehefa tonga eo amin'izany isika ao amin'ireo Tombokase, dia hiverina any aoriana ka hahita an'ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, miantsoantso hoe, "Tompo, mandra-pahoviana, mandra-pahoviana?"

254 Ary indro Izy amin'ny maha-Mpanelanelana iray, eo amin'ny alitara, "Vetivety kely fotsiny sisa, mandra-pahatongan'ireo hafa izay tsy maintsy hiaritra tahaka anareo."

255 Fa ankehitriny dia tonga avy eto Izy, ao amin'ity Tombokase farany ity. Tsy Mpanelanelana intsony Izy. Mpanjaka Izy ankehitriny. Ary inona no Ataony? Raha Mpanjaka iray Izy, dia tsy maintsy manana olona Izy. Ary ny Olony dia ireo izay Navotany, ary tsy afaka ho tonga eo Anatrehany izy ireo raha tsy mandray an'ireo zòn'ny fanavotana Izy. Ary mandroso Izy ankehitriny, avy tamin'ny Mpanelanelana iray; izay nametrahan'ny fahafatesana antsika tao am-pasana, mandroso miaraka amin'ireo zò Izy. Amena.

256 "Ary na dia ireo izay velona ka mitoetra mandra-pahatongan'Ny Fihaviany aza, dia tsy hialoha an'ireo izay nodimandry. Fa hotsofina ny trompetran'Andriamanitra, amin'io trompetra farany io." Rehefa mivaha ilay Tombokase farany, ary rehefa manolotra ny Hafany ilay anjely fahafito, "Hitsoka ny trompetra farany, ka hitsangana ny maty ao amin'i Kristy. Ary isika izay velona ka mitoetra dia hakarina miaraka amin'izy ireo, mba hitsena Azy eny amin'ny habakabaka." Mitaky Izy! Mandroso Izy ankehitriny mba hitaky Ny—Ny fananany.

257 Diniho! Jereo ity! Oadray! Namaha an'ireo Tombokase, nanambara an'ireo zava-miafina. Nanambara azy ireo (taiza?) tamin'ilay taom-piangonana farany, ilay anankiray tokana izay velona. Ny sisa amin'izy ireo dia matory.

258 Hoy Izy hoe, "Raha tonga amin'ny fiambenana voalohany Izy, fiambenana faharoa, fiambenana fahatelo, midina hatrany

amin'ny fiambenana fahafito." Ao amin'ny fiambenana fahafito, dia nivoaka ny—ny baiko iray, na antso iray hoe, "Indro, tonga ny Mpampakatra!"

259 Ary rehefa nanao izy ireo, ilay virijiny natory, ireo fiangonana ara-anarana, dia nanao hoe, "Oh, fantatrao, izaho—mino aho fa tiako ny hahazo an'io Fanahy Masina io." Efa voamarikareo ve ireo Presbyterana sy Episkopaliana? Efa renareo ve ny Hafatro tany Phoenix, tamin'ireo lehilahy izay nitsangana tany, tao amin'ilay *Feo* ary tany, nanao hoe . . .? Eny, inona ny olana amin'ity mpanoratra ity, nanao hoe, "Ray Masina *Ranona-sy-ranona*"? Nefa, hoy ny Baiboly hoe, "Aza miantso olona hoe, 'Ray,' tahaka an'izany." Hitanareo, matory miaraka amin'ireo izy ireo, izany ilay antony, saingy rehefa mandroso izy ireo ka manao hoe, "Hia, mino izahay."

260 Vao avy niantso vehivavy hafa iray ny vehivavy iray, nanao hoe, "Fantatrao, Episkopaliana aho." Hoy izy, "Izaho—izaho—niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, indray andro. Mino aho fa nandray ny Fanahy Masina, saingy, sh, aza tenenina amin'ny olona." Misalasala betsaka an'izany mihitsy aho. Mety niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo. Saingy, raha mametraka olona iray eo ambonin'ny Afo ianareo, dia ahoana no hipetrahany tsara? Marina izany. Hitanareo? Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany izy.

261 Azonareo eritreretina ve i Petera, sy Jakoba, sy Jaona, ary izy ireo tao amin'ilay efitra ambony, nanao hoe, "Oh, manana ny Fanahy Masina isika ankehitriny, saingy tsaratsara amintsika angamba ny mipetraka tsara"? Rahalahy, nanerana an'ireo varavarankely, varavarana, sy ny zavatra rehetra, no nandehanan'izy ireo, nivoaka teny an-dàlambe, nihetsika tahaka ny andiana mamo. Izany no tena Fanahy Masina.

262 Fa, hitanareo, tsy nahazo na inona na inona io virijiny natory io, na ahoana na ahoana. Ah-hah. Marina izany. Ary tsarovy, raha mbola nandeha niezaka hividy Solika izy ireo, tsarovy, tsy milaza ny Baiboly fa nahazo an'Izany izy ireo.

263 Fa raha mbola tany ivelany izy ireo niezaka hividy an'Izany, dia tonga ny feo iray. Inona no nitranga? Ireo virijiny rehetra izay natory, dia nitsangana ary nanadio ny fanilony, "ary niditra tao amin'ilay Sakafo hariva." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

264 Fa ny sisa dia tavela ho an'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, marina, "Fitomaniana, fidradradradrana, ary fikitroha-nify." Izany ilay fiangonana, fa tsy ny Ampakarina; ilay fiangonana.

265 Ny Ampakarina no niditra. Misy fahasamihafana betsaka eo amin'ny fiangonana sy ny Ampakarina. Eny, tompoko! Ah-hah. "Niditra tao amin'ny Sakafo harivan'ny Mpanambady." Oh, mariho, ry tovolahy! [Mitehaka indray mandeha miaraka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.]

266 Nivaha ireo Tombokase (nahoana?) amin'ny taom-piangonana farany, mba hanambara an'ireto Fahamarinana ireto. Nahoana? Ny Zanak'ondry no namaha an'ireo Tombokase ary nanambara azy ireo tamin'Ny Fiangonany, mba hanangona ny Olony ho an'Ny Fanjakany. Ny Ampakariny, hitanareo! Oh, oadray! Te-hitondra ny Olony ho Azy Izy ankehitriny.

267 Inona izany? Avy tao amin'ny vovoky ny tany, avy tao amin'ny fanambanin'ny ranomasina, avy tao amin'ireo lavaka, avy taiza na taiza ary ny toerana rehetra, avy tao—avy tao amin'ireo faritry ny maizina, avy tao paradisa, na mety ho aiza izy ireo. Hiantso Izy, ary hamaly izy ireo. Amena! Amena! [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hiantso Izy, ary hamaly izy ireo.

268 Tonga haka ny Olony Izy. Nambarany ireo Tsiambaratelony, ary hitan'izy ireo Izany. "Ary tsy misy andro intsony," amin'io fotoana io. "Tapitra ny fotoana." Mifarana izany. Eny àry.

269 Miala amin'ny Seza fiandrianana Izy, mba ho Mpanelanelana iray, amin'ny maha-Zanak'ondry iray voavono; mba ho Liona iray, Mpanjaka; mba hitondra an'izao tontolo izao ho amin'ny Fitsarana, izay nandà Ny Hafany. Tsy Mpanelanelana iray Izy.

270 Tsarovy ny fampianaran'ny Testamenta Taloha ankehitriny, raha mandeha haingana isika. Rehefa niala teo amin'ny sezan'ny famindrampo ilay rà, dia inona izany? Sezan'ny Fitsarana.

271 Ary rehefa ny Zanak'ondry, voavono, no nandeha nandroso avy tamin'ny Mandrakizay, avy teo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray, ka naka an'ireo Zòny, dia Sezan'ny Fitsarana iray izany. Amin'izay fotoana izay Izy dia lasa, tsy Zanak'ondry iray, fa Liona iray, Mpanjaka, ary miantso Ny Mpanjakavaviny Izy ho avy hitsangana eo Anilany.

272 "Tsy fantatrareo ve fa ireo olo-masina no hitsara ny tany?" Hoy i Daniela hoe, "Nipetraka ny Fitsarana, ary nisokatra ireo boky; ka an'alinaliny sy an'alinaliny no nanompo Azy," Mpanjaka sy Mpanjakavavy. "Ary avy eo dia nisokatra ny Boky iray hafa, dia ny Bokin'ny Fiainana," ho an'ilay fiangonana izany. Ary nitsangana teo ny Mpanjakavavy sy ny Mpanjaka.

273 Araka ny nolazain'ilay fisaintsainan'ny cowboy iray hoe:

> Nitsilany teo amin'ny ahi-maintso aho omaly hariva,
> Nandinika an'ireo kintana teny amin'ny lanitra aho,
> Ary nanontany aho raha mba ny cowboy iray
> No afaka entina eo amin'io any ankoatra mamy io.

Misy làlana iray mankany amin'io Faritra mamiratra, sambatra io,
Saingy làlankely matroka, tery izany, hoy ny filazan'izy ireo,
Fa ilay anankiray malalaka izay mitondra mankany amin'ny fahaverezana
Dia misy andry sy voatondro hatramin'ny farany.

Miresaka ny amin'ny Tompony iray hafa lehibe izy ireo,

274 Miteny amin'ireo fiteny an'ny fiainan'ny biby fiompiny izy. Raha mba efa tao amin'ny fanangonana iray ianareo, dia afaka hahita an'izany mazava.

Miresaka ny amin'ny Tompony iray hafa lehibe izy ireo,
Ary tsy manana andiany feno loatra mihitsy Izy, hoy ny filazan'izy ireo,
Hanao efitra ho an'ny mpanota iray foana Izy
Izay hitarika eo amin'io làlana èty, tery io.

Milaza izy ireo fa tsy handao anareo mihitsy Izy,
Ary Fantany ny fihetsika sy fijery tsirairay;
Fa, ho an'ny fiarovana, dia tsaratsara kokoa amintsika ny ho voaisy marika,
Manana ny anarantsika eo amin'Ny Bokiny goavana be.

Satria milaza izy ireo fa hisy fanangonana lehibe iray,
Rehefa hitsangana tahaka ny zanak'omby tsy manan-dreny ireo cowboys,
Mba hasian'ireo mpitaingin-tsoavalin'ny fitsarana marika, (ireo mpaminany sy mpahita)
Izay mitsangana ka mahafantatra ny marika tsirairay.

275 Raha efa mba tany amin'ny fanangonana iray ianareo, dia mahita an'ilay sefo mitsangana eo, sy ireo mpitaingin-tsoavaly, ary mitsofoka ao amin'io andiana biby fiompy io. Hahita ny marikany manokana mandalo izy, ary hanao fihetsehana kely amin'ilay sefo. Ary hijery an'izany ilay sefo, ka hanome azy fihetsiky ny loha. Miditra avy hatrany ny soavaly keliny, manodidina, manodidina an'io fitsofohana io, manangona andiana tandroka tahaka an'izany, ary mamoaka an'ireo ombivaviny manokana. Hitanareo?

Milaza izy ireo fa hisy fanangonana lehibe iray,
Ka hitsangana tahaka ny zanak'omby tsy manan-dreny ireo cowboys,

> Izay hasian'ireo mitaingin-tsoavalin'ny fitsarana marika,
> Izay mitsangana ka mahafantatra ny marika tsirairay. (Hitanareo?)

276 Noho izany dia hoy izy hoe:

> Ataoko fa ho biby kely tanora iray very làlana aho,
> Lehilahy iray izay voaheloka ho faty fotsiny, tsy misy marika, (izy, manao lasopy avy aminy izy ireo, hitanareo),
> Izay ho esorina ao amin'ilay andiany miaraka amin'ireo mpangalatr'omby,
> Rehefa mandalo ilay Sefon'ireo mpitaingin-tsoavaly ireo.

277 Hitanareo ve Iza Izany? Ilay Sefon'ny mpitaingin-tsoavaly. Izany ilay Zanak'ondry, ho an'ireo iraka fito izay mitsangana sy mahafantatra ny marika tsirairay. Hitanareo? Ham!

278 Mariho, indro Izy tonga. Miala amin'ny Seza fiandrianana, amin'ny maha-Mpanelanelana iray, amin'ny maha-Zanak'ondry voavono iray; mba ho lasa Liona iray, Mpanjaka, mba hitondra an'izao tontolo rehetra izao ao amin'ny Fitsarana, izay nandà. Ny Havana Mahavotra antsika amin'izay fotoana izay no Mpanjaka eo amin'ny rehetra. Nahoana? Izy no manana ny filazam-pananan'ny fanavotana. Izany dia mipetraka eo an-Tànany. Faly aho fa mahafantatra Azy. Hitanareo?

279 Avy eo dia mitaky ny Lovany; ilay Fiangonana izany, ny Ampakarina. Mitaky an'Izany Izy.

280 Inona no Ataony avy eo? Mamarana ny amin'ny Fahavalony Izy, Satana. Atsipiny ao anatin'ny Farihy Afo izy, miaraka amin'ireo izay voatsindrimandrin'i Satana, mba handà Ny Tenin'ny fanavotany.

281 Mpanjaka Izy ankehitriny. Mbola eo ambonin'ny Seza fiandrianana foana ny famindrampo. Aza mandà ny Fanolorany ianareo. Hitanareo? Ireo mpitaingin-tsoavaly dia mahafantatra tsara hoe iza ianareo.

282 Ary, ankehitriny, ny Fahavalony, izay nanome olana Azy nandritry ny roa arivo taona, dia mihambo hoe, "Afaka manao an'izay tiako amin'izy ireo aho. Mbola manana azy ireo foana aho. Ahy izy ireo. Izaho . . . Verin'izy ireo ilay filazana tany."

283 Fa Izy no Havana Mahavotra. Izy no nilaza fa eo Izy ankehitriny manao an'ireo fanelanelanana. Fa indray andro any . . .

Hoy izy hoe, "Hametraka azy ireo ao am-pasana aho."

284 Fa niteny tamin'ilay Fiangonana Izy hoe, "Izaho no hitondra anareo hivoaka." Hitanareo? "Fa, voalohany, tsy maintsy ho Mpanelanelana iray Aho."

285 Mandroso Izy ankehitriny, mivoaka avy any amin'ny Mandrakizay tany lavitra tany, miala avy eo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray, izay Nipetrahany amin'ny maha-Mpanelanelana iray. Ankehitriny dia tonga Izy mba ho Mpanjaka, oh, hanapaka ny firenena rehetra amin'ny tehim-by. Mipetraka ny Fitsarana. Oh, rahalahy, ny Havana Mahavotra antsika no mihazona an'izany rehetra izany. Marina izany. Eny, tompoko.

286 Inona no Ataony? Miantso an'io tànan'ny fahavalo io Izy, Satana. "Ahy izy ireo ankehitriny. Izaho no nanangana azy ireo avy tao am-pasana." Ary Alainy ireo mpandainga rehetra, sy ireo mpamadika ny Teny, ary ny rehetra tahaka an'izany, miaraka amin'i Satana, ka mandrava azy ireo ao anatin'ny Farihy Afo. Izy dia mifarana tanteraka, ankehitriny. Manipy azy ireo ao anatin'ny Farihy Afo iray. Oh, oadray!

287 Mba fantatrareo moa? Tiako—tiako ny hilaza zavatra iray eto alohan'ny hamaranantsika. Ary avy eo isika dia—isika dia—handeha haingana isika. Mariho. Midina eo amin'ny andininy faha-7 isika ankehitriny. Fa manomboka amin'ny andininy faha-8, hatramin'ny faha-14, dia tiako ho voamarikareo izay miseho.

> Izay rehetra *tany an-danitra, sy* izay rehetra teto *an-tany*. . .

288 Henoy fotsiny ity. Mamelà ahy hamaky fotsiny an'izany ankehitriny. Mino aho fa tsaratsara kokoa raha mamaky azy fotsiny avy ao amin'ny Boky aho, miaraka amin'ny andininy faha-7, hitanareo. Ary diniho ny andininy faha-6.

> *Ary izaho—ary izaho* mahita, *nahita, fa, indro, teo afovoan'ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina efatra, ary teo afovoan'ny loholona, nisy Zanak'ondry iray nitsangana toy ny efa voavono, nanana* loha *fito*. . .na *tandroka fito* (no tiako lazaina) *sy maso fito,* (vao avy nazavaintsika izany), *dia ireo Fanahy fiton'Andriamanitra nirahina* hankany *amin'ny tany rehetra.*

289 Hitanareo, taona fiton'ny fiangonana, ireo iraka fito izay nihazona an'io Afo io hirehitra. Hitanareo? Eny àry.

> *Ary tonga izy* (ilay Zanak'ondry) *ka nandray ny boky avy teo an-tànana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana—nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana.*

290 Diniho ankehitriny. Ary rehefa nanao an'izany Izy, dia diniho izay niseho. Miresaka ny amin'ny jobily iray ianareo! Ankehitriny dia ny famahana an'ireo Tombokase ireo marina tokoa ity, izay niseho. Isika dia ho tonga eo amin'ny "fahanginana antsasaky ny ora," aorian'ity mihitsy. Diniho ity, dia hanomboka hiditra isika. Hamarana tanteraka an'ity isika, amin'ny Alahady heriny hariva, eto mihitsy. Ary henoy tsara

ankehitriny. Vonona ve ianareo? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Henoy tsara, izay niseho rehefa nanao an'ity Izy.

291 Rehefa nisento ny famoronana rehetra; tsy nisy anankiray nahafantatra an'izay hatao, ka nitomany i Jaona. "Indro tonga ny Zanak'ondry, nandroso!" Ary ity Boky ity dia teny antànan'ny—an'ilay Tompony tany am-boalohany, satria lavo ny olona ka nahavery an'Izany. Ary tsy nisy olona nahay nandray Azy, intsony, mba hanavotra ny tany; tsy nisy pretra, papa, na inona na inona, araka ny nolazaiko. "Fa tonga ilay Zanak'ondry!" Tsy nisy Maria, tsy nisy masina *ity*, na masina *itsy*. "Tonga ilay Zanak'ondry, nandeha rà, voavono, ka nandray ny Boky avy teo an-tànana ankavanan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana." Ary rehefa hitan'izy ireo fa nisy Mpanavotra iray; ka ireo rehetra—ireo fanahy teo ambanin'ny alitara, rehefa ireo Anjely, rehefa ireo loholona, rehefa ny zavatra rehetra no nahita an'izany, rehefa natao ity. Izany, dia mbola, mipetraka ao amin'ny ho avy. Izao hariva izao dia Mpanelanelana iray Izy, fa ho tonga eo amin'io Izy. Diniho.

> *Ary rehefa nandray ny boky izy, ny zava-manan'aina efatra sy* ireo *loholona efatra amby roapolo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, samy nanana harpa ny tsirairay avy tamin'izy ireo, sy lovia volamena feno zava-manitra, dia ny vavak'*ireo *olo-masina.*

292 Izany dia ireo izay eo ambanin'ny alitara, izay nivavaka, nandritry ny ela. Hitanareo, nivavaka ho an'ny fanavotana izy ireo, nivavaka ho an'ny fitsanganana. Ary indro ireo—ireo loholona mandraraka ny fivavany eo anatrehan'ny. . . Satria, manana Mpisolotena iray isika ankehitriny, manana Havana iray isika any An-danitra, izay mandroso mba hitaky an'ireo Zòny.

> *Ary* nihira *hira vaovao izy ireo, nanao hoe, Ianao no mendrika haka ny boky, sy hamaha an'ireo tombokaseny: fa voavono ianao, ka nanavotra anay ho an'ny Andriamani*tsika (diniho) *tamin'ny rànao avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra, . . .fiteny, sy olona, ary firenena;*
>
> *Ary efa nanao anay ho mpanjaka sy mpisorona ho an'Andriamanitsika: ary hanjaka ambonin'ny tany izahay.*

293 Te-hiverina izy ireo. Ary indro fa hiverina izy ireo, mba ho mpanjaka sy mpisorona.

294 Voninahitra ho an'Andriamanitra! Mahatsapa ho tena tsara aho mba hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Jereo. Diniho. Eny. Ilay izy dia toy ny hoe tsy manana fiteny ampy aho; afaka midera

Azy amin'izany aho. Mila anankiray izay tsy fantatro akory aza aho.

295 Mariho, "Ary nahita aho . . ." Henoy ity.

*Ary nahita aho, sady nandre feon'anjely maro . . .*

296 Henoy hoe jobily iray toy ny inona no miseho! Rehefa nahita an'io Zanak'ondry io tonga izy ireo ka nandray an'io Bokin'ny Fanavotana io, dia nihiakiaka ireo fanahy. Ho azontsika izany. Ny rehetra, ny zavatra rehetra, ireo loholona dia niankohoka. Nandraraka an'ireo vavaky ny olo-masina izy ireo. Inona? Nisy nanolotra Havana iray ho antsika teo. Niankohoka tamin'ny tavany izy ireo. Ary nihira hira iray izy ireo, ka nanao hoe, "Ianao no mendrika, satria voavono Ianao!" Diniho hoe inona . . . Ary jereo ireto Anjely ireto!

> *Ary nahita aho, sady . . . nandre feon'anjely maro* manodidina *ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina ary ireo loholona: ary ny isan'izy ireo dia iray alina* amby *iray* alina, . . . *an'arivony;* (Fioo! Mariho!)
>
> *Nanao tamin'ny feo mahery hoe, Mendrika ny Zanak'ondry izay voavono mba handray ny hery, sy harena, sy fahendrena, sy faherezana, sy haja, sy voninahitra, ary* saotra.

297 Jobily iray toy ny inona no misy any An-danitra, rehefa io Zanak'ondry io no mitarika, miala amin'io toerampanelanelanana io, mba ho tonga eto hahazo an'ireo Zòny!

298 Fantatrareo, saiky izany no nahazo an'i Jaona. Tsy maintsy nahita ny anarany voasoratra tao izy. Rehefa nivaha ireo Tombokase ireo, dia tsy maintsy lasa tena faly izy. Henoy izay nolazainy.

> *Ary ny zava-boahary rehetra izay tany an-danitra, sy teto an-tany, sy any* ambanin'*ny tany, . . . na izay . . .* anatin'*ny ranomasina, sy izay rehetra . . . ao anatiny, izay ao anatiny, dia nandre* ahy, *ahy nanao hoe,* Saotra, . . . *haja, . . . voninahitra, . . . hery, anie* ho *an'ilay* mipetraka *eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy* ho *an'ny Zanak'ondry mandrakizay . . .* (Amena! Amena, dia amena! Oh!)
>
> *Ary ireo zava-manan'aina efatra nanao hoe, Amena. Ary ireo loholona efatra amby roapolo dia niankohoka ka nivavaka tamin'izay* velona *mandrakizay sy mandrakizay.*

299 Miresaka ny amin'ny jobily iray, miresaka ny amin'ny fotoana iray, rehefa nandroso io Zanak'ondry io! Hitanareo, ilay Boky dia voaisy tombokase tany An-danitra mihitsy aza, izany ireo zava-miafina.

300 Hoy ianareo, "Ao ve ny anarako?" Tsy fantatro. Manantena aho fa ao izany. Fa, raha ao izany, dia efa napetraka teo amin'ilay Boky izany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

301 Fa ny zavatra voalohany, izay naneho an'io fanavotana io, dia ny Zanak'ondry tonga izay efa voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary naka ny Boky Izy, (voninahitra!) nanokatra ny Boky, ary nanongotra an'ireo Tombokase; ka nandefa an'Izany ety an-tany, ho an'ny Anjeliny fahafito, mba hanambara an'Izany amin'ny OIony! [Mifaly fatratra ny fiangonana—Mpand.] Eo ianareo izao. Oh, oadray! Inona no nitranga? Ireo hiakiaka, ireo horakoraka, ireo haleloia, ilay voahosotra, ny hery, ny voninahitra, ny fampisehoana! [Manohy mifaly fatratra ny fiangonana.]

302 Ary i Jaona antitra, izay efa nitsangana teo, ny rahalahintsika, nitomany! "Nahoana," hoy izy, "ny zavatra rehetra tany An-danitra, ny zavatra rehetra tety an-tany, ary ny zavatra rehetra tany an-dranomasina, dia nandre ahy niantsoantso hoe, 'Amena! Amena! Ny saotra, haja, sy ny hery, sy ny fahefana, anie ho an'Izay velona mandrakizay sy mandrakizay.'"

303 Miresaka ny amin'ny fotoam-pifaliana iray, rehefa nivaha ireo Tombokase ireo! Tsy maintsy nijery i Jaona ka nahita ny tany ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana, ary nanao hoe, "Io i Jaona." Oh, oh!

304 Tena faly izy, hany ka hoy izy hoe, "Ny zavatra rehetra tany An-danitra." Tsy maintsy tena niantsoantso mafy marina tokoa izy, sa tsy izany? "Ny zavatra rehetra tany An-danitra, ny zavatra rehetra tety an-tany, ny zavatra rehetra tany ambanin'ny tany, ny zava-boahary rehetra, ny zavatra hafa rehetra, dia nandre ahy nanao hoe, 'Amena! Ny saotra, sy voninahitra, sy ny fahendrena, sy ny fahefana, sy ny hery, ary ny harena, dia Azy.'" Amena!

305 Nahoana? Rehefa tonga ny fanambarana, ka ny Zanak'ondry, ilay Mpanavotra, ny Havantsika, no niverina avy teo amin'ny Seza fiandrianan'ny fanelanelanana ka nandroso teto haka ny Fananany. Oh!

> Tsy ho ela dia haka Ny Ampakariny ny Zanak'ondry mba ho eo Anilany mandrakariva,
> Ho tafavory ny tafiky ny Lanitra rehetra;
> Oh, ho fahitana be voninahitra iray izany, ny olo-masina rehetra hitafy fotsy tsy misy pentina;
> Ary hanjaka Mandrakizay miaraka amin'i Jesosy isika.
>
> Oh, "Avia ka mihinàna," miantso ny Mpampianatra, (eo amin'ny Teny), "Avia ka mihinàna."

306 Oh, izaho—izaho—tsy ampy ireo teniko, hitanareo.

"Avia ka mihinàna, avia ka mihinàna,"
Afaka mihinam-be eo amin'ny latabatr'i Jesosy amin'ny fotoana rehetra ianao, (Ankehitriny! Fa rehefa miala Izy, dia tsy misy fanantenana intsony.)
Izy Izay namoky marobe, nanova ny rano ho divay.

307 Izy izay nilaza, hoe, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa." Oh, oadray! Izy izay nampanantena an'ireto zavatra ireto amin'ny andro farany. Izy izay nilaza an'ireto zavatra ireto. Izy izay ao amin'ny fotoan'ny fanambarana ankehitriny an'ireto zavatra nampahafantarina ireto. "Avia ka mihinàna." Oh, aza diso an'Izany, ry rahalahiko.

Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika iray minitra fotsiny.

308 Rahampitso hariva, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia hiezaka isika ny hamaha an'io Tombokase Voalohany io, raha hamaha Azy ho antsika Andriamanitra ka hamela antsika hahita hoe inona io fanambarana io izay efa, "nafenina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

309 Alohan'ny anaovantsika an'izany, ry sakaiza mpanota, na ry mambram-piangonana matimaty, manana karatry ny mambra iray ve ianareo ao amin'ny fiangonana iray, sa tsy manana karatry ny mambra iray? Fa raha karatry ny mambra iray fotsiny no ananananareo, dia saiky tsaratsara kokoa ho anareo ny tsy manana an'izany. Fahaterahana iray no ilainareo. Tsy maintsy manatona an'ilay Rà ianareo. Tsy maintsy manatona zavatra iray ianareo izay mamafa tanteraka ny fahotana mihitsy, mandrapaha tsy misy fahatsiarovana an'izany intsony.

310 Raha tsy nanao fiomanana ianareo, tsy mbola, mba hihaona amin'ilay Zanak'ondry eny amin'ny habakabaka! Ary nohon'ny fahefana nomena ahy tamin'ny alàlan'ny fanirahana ahy, nomen'Andriamanitra Tsitoha, sy nampahafantarina ahy tamin'ny alàlan'ny Anjely iray, Andrin'ny Hazavana iray, dia milaza aminareo aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy! Aza manandrana ny hihaona Aminy miaraka amin'ny karatry ny mambra iray fotsiny ihany an'ny trano fialofan'ny fiangonana anankiray an'ity tany ity.

311 Avia, raha mbola ilay Mpanelanelana, araka ny fantatro, dia mbola eo amin'ny Seza fiandrianana foana, manao fanelanelanana. Satria, ho avy ny andro iray izay ho tianareo hanatonana, nefa tsy hisy Mpanelanelana intsony. Satria raha hitantsika ny ora izay iainantsika, ao amin'ny taom-piangonana fahafito, ka ireo zava-miafin'Andriamanitra dia tonga eo amin'izay misy azy ireo, miaraka amin'ny Fanahin'Andriamanitra maneho ny zavatra rehetra izay Nampanantenainy amin'ny andro farany, dia mbola misy fotoana firy tavela? Ry sakaiza mpanota, avia.

312 Tompo Jesosy, miha-tara ireo ora. Mety ho tara noho izay heverinay mihitsy aza izany. Ary faly izahay mahita an'io ora io manatona. Izany no ora be voninahitra indrindra izay hany fantatr'izao tontolo izao, ho an'ilay mpino. Fa, ho an'ilay mpandà, dia ny fotoana mampalahelo indrindra izay hany mety misy. Tsy misy teny mety ho hita ao amin'ny alfabeta, ireo litera hanaovana teny, izay afaka haneho ny fahoriana sy alahelo izay mipetraka eo aloha. Ary tsy misy koa teny azo amboarina, avy amin'ny alfabetanay, mba hanehoana an'ireo fitahiana izay mipetraka eo aloha ho an'ilay mpino.

313 Ray, mety misy sasany, izao hariva izao, eto tsy manana fanantenana. Ary olombelona mahay izy ireo. Ary ankehitriny raha mbola mipetraka eo amin'ilay Sezan'ny Famindrampo foana ilay Rà, dia aoka hivoaka avy eo amin'ny Seza fiandrianana ilay Zanak'ondry, ho ao am-pon'izy ireo, izao hariva izao, ka hanambara amin'izy ireo fa very izy ireo. Ary miaraka amin'ny tànana feno Rà, hanao hoe, "Avia, raha mbola fotoana hanatonana izao."

314 Mametraka ny Hafatra aho, Tompo, miaraka amin'ny fivavako, eo an-Tànanao. Ataovy izay rehetra Tianao, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy.

Miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

315 Raha tsy nahatanteraka an'io fangatahana sy io fitakiana io ianareo! Raha nitoky tamin'ny fiangonanareo fotsiny ianareo! Tsy nisy na inona na inona afaka hanavotra. Raha nitoky tamin'ny fanelanelanan'ny olo-masina iray ianareo, dia mbola very foana. Raha nitoky tamin'ireo asan'ny tànanareo ianareo, zavatra izay nataonareo, ireo asa tsara, dia very ianareo. Raha nitoky tao amin'ny—tao amin'ny vavaky ny reninareo ianareo, na ny fahamarinan'ny reninareo, ny rainareo; raha nitoky tamin'izany ianareo, dia very. Raha niankina tamin'ny fahatsapana iray ianareo, fihetseham-po hafahafa iray, fientanam-po iray, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, na nandihy! Raha izany ihany no nitokianareo, ka tsy mahafantatra an'ilay Zanak'ondry, manokana, dia tsy mahafantatra Azy, noho izany, dia milaza aminareo eo anatrehan'Andriamanitra aho, ahitsiho izany zavatra izany, ankehitriny, miaraka amin'Andriamanitra.

316 Ao amin'ny fonareo ambany ao, mivavaha. Ary aoka ho tsotra, satria Andriamanitra dia miafina ao anatin'ny fahatsorana. Tsaroanareo, hoy ny Baiboly hoe, "Maro ny nino izay nanampy."

317 Ary raha mbola mivavaka ho anareo izahay, dia matoky aho fa ianareo dia handray (ny anareo) an'izany fanapahan-kevitra anankiray Mandrakizay izany hoe, "Tompo, hiteny aho hoe, 'Eny!'" Ary ny *fanapahan-kevitra* iray dia "vato." Fa inona no mahatsara ny vato iray raha tsy misy mpandatsa-biriky

iray izay afaka mandidy azy, hanamboatra an'ilay tranobe, ho antonona an'ilay tranobe? Noho izany, avelao ny Fanahy Masina handidy anareo avy amin'izay maha-izy anareo, ho amin'izay tokony haha-izy anareo. Raha mambram-piangonana iray madity fotsiny ianareo; raha mpanota iray ianareo; na inona na inona ianareo; raha tsy manana an'i Kristy ianareo, tsy manana ny Fanahy Masina, dia hanome anareo fiadanana anie Andriamanitra, izao hariva izao.

318 Ankehitriny, Tompo, tena milamin-tsaina arak'izay fantatro hanatonana, ary tena—tena ara-tSoratra arak'izay fantatro hanatonana, no anatonako ankehitriny miaraka amin'ireto izay napetrako Aminao ireto, miaraka amin'ny Teny. Matoky aho, Tompo, fa nahita ny Toerany tao am-pon'ny olona ny Teny, izao hariva izao.

319 Raha misy sasany eto izay tsy mahafantatra, na tsy manana an'io antoky ny Fanatrehana mamy an'ny Fanahy Masina io mitoetra ao amin'ny fiainany; ka, ireo fahatezerana, na fihafahafana, na fitiavan-tena, na zavatra iray no nanaisotra an'io Zavatra lehibe io niala tamin'izy ireo, sy nampanalavitra azy ireo an'Izany; na fanekem-pinoana iray, na—na—na fahatsapana iray, no nampanalavitra azy ireo tamin'ilay hamamian'ny fiombonan'Andriamanitra; dia ho afaka anie izany ankehitriny!

320 Ary ilay Zanak'ondry, ilay Havana mandeha Rà, masina izay nandroso avy teo amin'ny Seza fiandrianana, nitety an'ireo Hazavana mahagaga an'ireo làlantsaran'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, nandroso mba hitaky ny Lovany! Andriamanitra, ekeo, izao hariva izao, ny handraisan'izy ireo Azy. Enga anie ho vita am-panajana ny fanapahan-kevitra tsirairay, ary enga anie izy ireo hanolotra ny tenany ho Azy irery Izay afaka mandidy azy ireo sy manamboatra azy ireo ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

321 Ankehitriny, ao amin'ny vavaka mihaja, no anaovako an'izao amin'ny fomba ahatsapako fa voatarika hanao an'izany. Ao amin'ny fanajana, eo anatrehan'Andriamanitra, satria Izy no nanaporofo ny Tenany taminareo. Ary raha tsy Kristiana iray ianareo, na tsy ianareo no ilay antsoinay hoe. . . Tsy ny—tsy ny—ny—mpikambana ara-anaram-piangonana iray, fa ny tiako lazaina dia Kristiana iray nateraka indray. Fa mino am-panajana ianareo fa marina ny Hafatra, ary mino am-panajana ianareo fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra irery ihany no ahafahanareo ho voavonjy. Ary tena mino ianareo fa Izy no miresaka amin'ny fonareo ankehitriny. Ka te-hanaiky Azy ianareo, ary vonona ho an'Ny Teniny mba—mba handidy anareo avy amin'izay maha-izy anareo, ka hanao anareo ho amin'izay tokony haha-izy anareo. Hampahafantatra an'izany, amin'ny fitsangananareo ve ianareo? Raha eto izany olona izany,

ka te-hanao an'izany ho amp-. . . izany ho ampy tanteraka, dia mitsangàna.

322 Ray any An-danitra, tsy mahafantatra intsony an'izay hatao afa-tsy ny manonona Ny Teninao aho. Indro misy olona mitsangana, izay mahatsapa fa tsy mbola eo amin'izay tokony haha-izy azy izy ireo, vonona ho amin'io Fampakarana io, satria mety hiseho alohan'ny hanokafana aminay ny Tombokase Voalohany izany.

323 Ary, Ray, mivavaka ho azy ireo aho. Izaho—izaho, amin'ny maha-Mpanomponao, dia manolotra an'izao vavaka izao ho amin'ilay Mpanelanelana lehibe, Kristy. Raha mivavaka izy ireo, dia manolotra ny fivavako miaraka amin'izy ireo aho, eo ambonin'ilay Seza fiandrianan'Andriamanitra ivory, izay ipetrahan'ilay Fanatitra mandeha Rà izao hariva izao. Ary saiky amin'ny fotoana rehetra mihitsy dia mety hiala eo amin'ny Seza fiandrianana, mba handroso hitaky ny Fananany, amin'izay fotoana izay dia tsy misy famindrampo intsony tavela; fitsarana izany.

324 Ekeo, Tompo, mba ireto olona izay mitsangana ireto, izay mitsangana; ao am-pony, manao ny fiaikeny, ary manaiky ny hamela ny Fanahin'Andriamanitra handasitra azy ireo, sy handidy azy ireo, ary hanamboatra azy ireo ho vato velona, ao amin'ny Tranon'ny Tompo Andriamanitra. Ekeo izany, Ray. Apetrako Aminao izy ireo ankehitriny.

325 Ary hoy Ianao hoe, "Izay hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia Izaho no hanaiky azy eo anatrehan'Ny Raiko sy ireo Anjely masina." Ary mipetraka eo Ianao ankehitriny, ao amin'ny fanatrehan'ny rehetra, izao hariva izao. Ary mitsangana izy ireo, manaiky Anao. Ary, Tompo, raha avy ao amin'ny fanambanin'ny fon'izy ireo izany, azo antoka mihitsy tahaka ny maha-marina ny Tenin'Andriamanitra, dia eo am-panaovana fanelanelanana ho azy ireo Ianao ankehitriny, ary manaiky azy ireo ao amin'ny—ireo faritry ny fahasoavana sy famindram-po an'ilay Rà manadio an'ilay Zanak'ondry fanatitra. Ary ho Anao izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

326 Ankehitriny, ianareo izay mahita an'ireto olona mitsangana ireto, io lehilahy tanora *eo* io mihitsy, ary ireo izay mitsangana, ianareo izay nahatsapa fa lasa ny fahotana sy ny fanamelohana rehetra. Tiako ianareo hitsangana fotsiny, ny sasany aminareo izay akaiky azy ireo. Raiso ny tànan'izy ireo, ka manaova hoe, "Rahalahy, hivavaka ho anao aho. Rahavavy, mivavaka ho anao aho." Raiso fotsiny ny tànan'izy ireo, ka manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao." Ary ankehitriny ny sisa dia an'ny tànan'ny Tsitoha. Manaova hoe, "Hivavaka aho, ary hanao izay rehetra vitako aho hanampy anao hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra."

Oh, miantso androany!
Oh, miantso Jesosy!
Miantso malefaka Izy androany!

327 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy mahafinaritra ve Izy? ["Amena."] Oh, inona no ho nataontsika raha tsy nanana an'Ity? "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona; fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra, no hiveloman'ny olona." Oh, fahano aho, Tompo, eo amin'ny Teny.

328 "Aza mahafoy ny fiarahanareo miangona, tahaka ny fanaon'ny tsi-mpino, ary sady izay koa hitanareo fa manatona ilay Andro."

329 Raha sitrak'Andriamanitra, rahampitso hariva, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia hiezaka aho, miaraka amin'izay rehetra ato amiko, ny hangataka Azy mba hanela-. . . hanelanelana, mba ny zava-miafin'ireto Tombokase ireto, raha misokatra izy ireo, no hilaza ny Tenin'Andriamanitra amin'ny olona.

Mandra-pihaonako aminareo, dia homba anareo anie Andriamanitra!

330 Ary ankehitriny dia averiko amin'ny rahalahintsika tsara fanahy ny fotoana, Rahalahy Neville, ny pasitera. Firy no tia an-dRahalahy Neville? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, isika rehetra dia tia. Mandrosoa, Rahalahy Neville. Rahalahy Neville, Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

*Ny Banga Eo Anelanelan'Ireo Taona Fiton'Ny Fiangonana Sy Ireo Tombokase Fito* MAG63-0317E
(The Breach Between The Seven Church Ages And The Seven Seals)
Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 17 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org